NY FANAVOTANA AMIN'NY FAHAFENOANA, AMIN'NY FIFALIANA

Faly aho izao hariva izao, indray, ny miarahaba anareo amin'ny Anaran'i Jesosy Tompontsika maha-te-ho tia, ilay Zanak'Andriamanitra nitsangana. Efa teto Ny Fanatrehany rehefa niditra aho, noho izany dia manantena ny hahita mihoatra, betsaka isika, "ankoatr'izay rehetra azontsika atao na heverina mihitsy aza," izao hariva izao, mba handatsahan'Andriamanitra amintsika, an'ireo Fitahiany, ka mankalaza an'i Jesosy Kristy eto afovoantsika.

2 Niresaka aho tamin'ireo hariva roa farany . . . Ny Alahady hariva dia heveriko fa nanana asam-panasitranana iray isika, ary nitory teny aho ny Alatsinainy hariva. Ary nizara . . . Nanomboka lohahevitra iray, ny Alahady maraina, tao amin'ny tabernakla. Ary nieritreritra aho, raha mbola niandry ny olona somary hitombo kely isika, somary nanokatra ny fihetsehampoko aho. Izaho dia . . .

3 Indray andro any, raha sitrak'Andriamanitra, ka hanampy ahy, dia tiako ny hanana asam-pitoriana maro izay ianareo—ianareo tsy . . . miditra fotsiny ary mitory teny na mampianatra ny Soratra, sy manao antso eny amin'ny alitara, ary mandohalika eo amin'ny alitara ka mivavaka ho an'ny olona, ary tahaka ny nataonay Batista tamin'ny fanao fahiny taloha. [Hoy ny olona iray hoe, "Amena."—Mpand.] Batista roa fotsiny ihany no reko nanao, "Amena." Noho izany dia aiza ianareo rehetra, izao hariva izao?

Hoy ny olona iray hoe, "Rahalahy Branham, efa Batista ve ianao?"

Hoy aho, "Hia," hoy aho.

4 Nitory teny aho teto tany Arkansas, indray mandeha. Lehilahy iray, lehilahy antitra iray, no sitrana. Izy dia . . . izy ireo dia nanana . . . Nazareana iray izy. Nitondra ny tehiny teo amin'ny lamosiny izy, ny ampitso, nandeha nanerana ny tanàna, niaraka tamin'ny—ny takelaka iray teo aminy hoe, "Andriamanitra no nanaisotra an'ity tamiko, omaly hariva." Ary tena nandringa mafy izy. Tany Little Rock izany. Ary efa tahaka an'izany izy nandritry ny taona maro. Ary nahafantatra azy ny olona rehetra, satria nandehandeha izy, ary nametraka ny satrony teo ambany, ka nivarotra pensily avy tao amin'ilay

satroka. Ary nahafantatra azy ny olona rehetra, noho izany dia nanomboka fotsiny izy, nanao zavatra lehibe iray tao an-tanàna.

5 Ary hariva vitsy taorian'izany, dia nitory teny aho, ary—ary nitsangana izy. Hoy izy hoe, "Iray minitra fotsiny, Rahalahy Branham, tsy mampaninona anao ve raha manontany zavatra aminao aho?"

Hoy aho hoe, "Tsia, tompoko."

6 Dia hoy izy hoe, "Eny," hoy izy, "rehefa—rehefa nandre anao nitory teny aho, dia fantatro fa Nazareana iray ianao." Hoy izy hoe, "Avy eo dia nahita an'ireo olona Pentekotista rehetra teto aho, ary niteny tamiko ny olona iray fa Pentekotista ianao." Hoy izy hoe, "Nandre anao aho nilaza, vao teo, fa Batista iray ianao." Hoy izy hoe, "Tsy azoko izany."

7 Hoy aho hoe, "Eny, mora izany. Pentekotista Nazareana Batista aho." Marina izany. Marina izany. Isika fotsiny dia . . . mino.

8 Oh, ry sakaiza, tsy mikambana amin'ny anarampiangonan'ny fiangonana mihitsy aho, kanefa mikambana amin'ny tsirairay avy amin'izy ireo aho. Rehefa nanomboka teo amin'izao aho, dia hoy aho hoe, "Kristy no sefoko. Ity Baiboly ity no bokiko. Ary izao tontolo izao no fiangonako." Noho izany, izany no—izany no tiako haha-izy ahy mandra-pahafatiko.

9 Ankehitriny, ao anatin'ny hariva iray na roa, dia hiezaka hanomboka asam-panasitranana iray indray isika, rehefa vitantsika . . . Mazava ho azy, eo am-pahitana an'ireto fandrian'ny marary sy fitondra-marary mipetraka eto ireto, dia tiako ny hahita zavatra. Tena mitebiteby aho mba hisian'ny zavatra iray hitranga eto Louisville, Kentucky, satria ity no fanjakana misy ahy.

10 Izaho tsy mbola nanana tsara iray mihitsy, izay antsoinareo hoe fivoriana tsara iray, tao Kentucky. Ary tsy amin'ny fitsikerana no tiako ilazana an'izany. Izaho—efa nanana ratsy betsaka aho, toerana ratsy. Fa, ny tiako lazaina, eto an-tranoko manokana mihitsy, dia tena sarotra ilay izy. Izaho . . . tena sarotra fotsiny ny hamotika an'izany. Tsy fantatro hoe nahoana. Saingy ataoko fa ilay izy dia satria hoy Jesosy hoe, "Ao amin'ny firenenareo manokana," sy hoe ho toy ny ahoana ilay izy, izany angamba ilay—tahaka an'izany ilay izy. Fa tsy mety hahita fahagagana lehibe betsaka mihitsy isika.

11 Nanana fivoriana iray aho teto, teo amin'ny herintaona na roa lasa teo izay, tany Jeffersonville, fa sendra nisy an'ilay vehivavy avy teto Kentucky tany ho any. Nivadika ho tsaoka izy, nitovy, avy teo amin'ny ranjony nidina; avy teo amin'ny valahany nidina hatrany amin'ny ranjony, raha ny marina. Ary izy—tsy nandeha izy, nandritry ny fito ambin'ny folo taona. Maro aminareo no tany tamin'io hariva io, ary nahatadidy an'ilay

zava-misy. Ary nitsangana avy hatrany izy ka nandeha nivoaka ny tabernakla, ara-dalàna.

12 Ankehitriny, tiako hisy zavatra hanomboka eto Louisville, izay ahafahako mahita fifohazana iray amin'ny fanao fahiny hitety an'ity tanàna goavana maha-te-ho tia eto ity.

13 Tanàna iray tahaka an'ireo tanàna hafa rehetra izy; ratsy toy ny rehetra misy izy. Fantatrareo fa izany no fahamarinana. Tsy mandratra an'i Kentucky aho; satria, izaho dia Kentuckiana iray, ihany koa. Eny àry. Saingy izany no—izany no fahamarinana. Ratsy izy. Ity no tranon'ireo whisky rehetra sy ny fitanehana, ary fitaovana ratsy sy ny sisa, tahaka an'izany, mitranga manodidina an'i Louisville mihitsy izany, eto Kentucky, noho izany dia ity no sezan'i Satana.

14 Fa afaka mandrava an'izany ho potipotika amin'ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy isika, raha mitambatra miaraka. Marina izany. Tsy maintsy mampiray ny herintsika miaraka isika ka manosika.

15 Fotoana vitsy lasa izay, evanjelista tena malaza iray teto amin'ny firenena no, nilaza, niresaka mikasika an'ireo fivoriana eto. Hoy izy hoe, "Eny, izao ilay izy." Hoy izy hoe, "Rehefa mandeha mankao amin'ny tanàna iray aho, ny zavatra rehetra manerana ny firenena dia tsy maintsy manohana an'ireo fivoriako fa raha tsy izany dia tsy handeha aho. Marina izany. Eny, eritrereto fotsiny. Heveriko fa misy fiangonana Batista goavana enimpolo na fitopolo mihitsy angamba eto Louisville. Hitanareo? Ahoana ny amin'ny Metodista? Nefa tanàna Metodista iray ilay izy; eto i Asbury. Inona no ho nananan'io lehilahy io raha tonga amin'ity tanàna ity izy, ny amin'ireo Metodista sy Batista fotsiny, mamela an'ireo Presbyterana sy ny rehetra hipetraka tsara?

16 Ankehitriny fiangonan'ny Filazantsara-feno firy no misy ato amin'ity tanàna ity? Misiona kely roa na telo eto, any ho any, fiangonana kely fotsiny, eto sy etsy, ary mifampiady izy ireo.

17 Noho izany rehefa miditra ianareo, dia tsy maintsy miankina amin'ny tanjaky ny asam-panompoanareo. Marina izany. Ary na dia ilay . . . ny olona rehetra dia mitovy amin'ny mpanao politika izay miditra. Miankina amin'ny tanjaky ny asam-panompoanareo ilay izy, mba hitarika avy amin'izay halefan'ny Tompo. Tahaka an'izany no itiavako azy. Rahalahy, raha tsy Jesosy Kristy no tohako eto, sy fiankinako, amin'izay fotoana izay dia tsy manana na inona na inona hafa iankinana aho. Marina izany. Izy . . . Eo amin'i Kristy, ilay Vatolampy mafy, no ijoroako; ireo tany hafa rehetra dia fasika miletsy, ho ahy. Aleoko mitory teny amin'ny olona dimy izay fantatro fa nirahin'Andriamanitra handre ny Hafatra, toy izay hitory teny amin'ny iray alina izay nosintonina ara-politika hiditra ao. Marina izany.

18 Aleoko mahita fiovam-po anankiray amin'ny fanao fahiny, mandohalika eo amin'ny alitara ka miantsoantso sy migogogogo hatramin'ny farany, toy izay mahita iray alina mitsangana, manao fotsiny hoe, "Eny, handramako Izany." Hanandrana an'Izany? Tsy Kristy iray handramana Izy. Anankiray ho ekena Izy. Velona na maty, milentika na maty an-drano, raiso Izy na ahoana na ahoana. Marina izany.

19 Raha mivavaka aho, nivavaka ho an'ny olona iray alina izao hariva izao, ka maty izy rehetra amin'ny maraina; rahampitso hariva dia hiverina eto aho hivavaka ho an'ny marary, mino fa marina ny Tenin'Andriamanitra. Marina izany.

20 Raha maty aho; ka olona dimy arivo no maty zato taona lasa izay, ka efa tao amin'ny Mandrakizay hatramin'io, nitsangana indray ka tonga eto an-tany, ary nanao hoe, "Rahalahy Branham, aza matoky an'Izany ianao. Tsy marina ny Azy. Aza matoky an'Izany. Izahay—natoky Azy izahay, nandeha; tsy nahomby izahay."

21 Mbola hilaza foana aho hoe, "Avelao aho ho faty ao amin'i Jesosy Kristy." Marina izany. Mino an'Izany aho. Ary ny foko manontolo izany, ny zavatra rehetra dia mipetraka tsara ao amin'Izany. Ary mino an'Izany amin'ny foko rehetra aho, ary miankina Aminy.

22 Ary tiako ny Vahoakany. Tiako ianareo, sakaiza teratanin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Ary tiako ny hitsangana miray soroka aminareo, ka mitondra an'ilay enta-mavesatra.

23 Ankehitriny, izao hariva izao; nizara aho, omaly hariva, fa hiresaka vetivety aho izao hariva izao, raha sitraky ny Tompo. Tsy te-hihazona anareo ela loatra aho, handreraka anareo, satria isika dia manantena . . .

24 Nametraka toy ny volon'ondry iray teo anatrehan'ny Tompo aho ho an'ity fivoriana ity. Ary manantena an'Andriamanitra hanao zavatra aho izay hanombohan'ny fivoriana hihodinkodina eto amin'ity tanàna eto ity mihitsy. Mivavaha ianareo, ataovy ny anjaranareo; amin'izay fotoana izay, rehefa tonga ny Fitsarana, dia afaka mitsangana isika rehetra ka milaza fa nanao ny anjarantsika isika.

25 Ao amin'ny toko faha-20-n'ny Eksodosy, ary manomboka amin'ny andininy faha-7, maniry aho ny hiresaka fotoana vitsy fotsiny, raha avelan'Andriamanitra, eo amin'ny tena . . . eny, hataoko hoe, tsy lohahevitra malaza iray, saingy lo—lohahevitra tsara iray. Tamin'ny Alahady lasa, tamin'ny sekoly Alahady tany amin'ny tabernakla tany Jeffersonville, dia nanomboka izahay, teo amin'ny, "fanavotana amin'ny alàlan'ny Rà."

26 Ary ity no ezahako atao, raha tianareo ho fantatra hoe nahoana aho no manao an'izao eto. Maro aminareo no milaza fa tsy mbola nahita ahy nitory teny mihitsy ianareo tao amin'ny asam-pitorian'ny fanasitranana iray, saingy ho

an'ny tanjona iray izany. Heveriko, raha afaka mitondra an'ireo fanahy torotoro aho ka manatona ny alitara, amin'izay fotoana izay dia hahita fitia amin'Andriamanitra aho ho an'i Louisville, marina izany, rehefa manetry tena marina tokoa eo anatrehan'Andriamanitra ny olona ka mivavaka.

27 Ary, avy eo, misy maro aminareo, ry sakaiza, izay mivavaka, mifady hanina, nefa matahotra ny hihazona an'izay nivavahanareo. Marina izany. Hitanareo? Eny, tsy hahasoa anareo ny mifady hanina sy mivavaka, raha tsy manana asa sasantsasany hatao miaraka amin'izany ianareo. Ny finoanareo rehetra, eto amin'izao tontolo izao, dia tsy hahasoa anareo na kely aza raha tsy mandroso eo ianareo, ary miatrika an'izany, ka maka an'izany. Izay ihany. Tsy maintsy mandeha mankany aloha ianareo. Tsy maintsy mandroso avy hatrany ianareo ka manao an'ilay izy, na ahoana na ahoana. Rehefa mangataka zavatra ianareo, dia mandehana alaivo ilay izy. Andriamanitra no nilaza fa anareo ilay izy, noho izany dia aza maka na inona na inona latsaka. Alaivo izay nangatahanareo. Ataovy izany, dia jereo hoe toy ny ahoana no fivoakany. Hia. Aza—aza mihemotra ka manao hoe, "Eny, halaiko ilay faharoa."

28 Halaiko ilay voalohany. Andriamanitra no nampanantena ahy, voalohany, izany no ilaiko. Ary nandritr'ireo telo amby roapolo taona nanompoako Azy, dia Nomeny ahy io toerana io. Ary izaho . . . Ary raha mbola mino Azy sy tia Azy foana aho, ary Izy tia ahy, dia ho tahaka an'izany foana ilay izy satria teren'Ny Teniny Izy. "Na inona na inona zavatra irinareo, rehefa mivavaka ianareo, dia minoa fa voarainareo ilay izy, dia ho azonareo ilay izy." Izany no Nolazainy. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsara izany. Eny àry.

29 Tiako ny mandre anareo manao hoe, "Amena." Fantatrao, Ranabavy Hoover, *amena* dia midika hoe "ho tanteraka anie izany," amiko, fantatrao. Ary izaho—raha manomboka miresaka aho, ka tsy mandre olona manao "amena," izaho—very hevitra tanteraka aho.

30 Teto fotoana vitsy lasa izay nitory teny tao amin'ny fiangonana kely iray aho, ary—ary izaho fotsiny dia . . . Oh, tsy manana fanao maro eo amin'ny polipitra aho, araka ny, ataoko, ny teolojian'ny andro, noho izany dia ataoko fa lasa mikoropadropaka kely aho. Ary heveriko fa nitsambikina teo ambonin'ny vilia aho eo amin'ny polipitra, tahaka an'*izao*, ary nandramby ny fanamafisam-peo teny an-tànako, ary nipetraka teo, ka ny tongotro nihozongozona, nitory teny mafy arak'izay vitako. Niverina tamin'ny tenako aho; tsy fantatro izay nataoko. Afaka minitra vitsy, dia very indray aho, ary nahita ny tenako teo afovoan'ny làlantsara, namoritra ny tongotry ny patalohako. Tsy fantatro hoe nahoana, saingy ilay izy marina tokoa dia . . . Tiako ny hijanona eo vetivety. Izany no zavatra anankiray tiako ho lazaina. Tany ho any no azoko antoka fa nahafaly ny

tenako. Niaina an'izany fotsiny aho nandritr'ireo andro maro taorian'izany.

31 Nisy lehilahy iray nanatona ahy, ka hoy izy hoe, "Hono ho'aho," hoy izy, "ahoana no ahafahanao mitory teny, ka ireo olona rehetra ireo manao hoe, 'Amena'?"

Hoy aho hoe, "Izany no manao ahy hitory teny." Hia.

32 Nanana alika antitra iray aho taloha. Nihaza raton laveur aho. Ataoko fa manana sakaiza maro avy any Kentucky aho eto izay tia mihaza raton laveur. Noho izany . . . Ary tereny ho ao anaty hazo ny zavatra rehetra izay nisy, ary mandeha maka an'izany, afa-tsy ny jaboady; ary tsy misy hidirany amin'izany mihitsy. Ankehitriny, narahiny hatrany ambanin'ny antontan-kirihitra iray izy. Ary ny zavatra tokana izay tsy maintsy nataoko, tsy te-ho ao ambany ao hanaraka azy aho, azoko antoka. Noho izany ny zavatra tokana nataoko, dia manainga fotsiny an'ilay kirihitra, ary mikapokapoka azy sy mivazavaza azy hoe, "Tratraro izy, ry tovolahy! Tratraro izy!" Dia lasa izy maka an'ilay jaboady.

33 Ankehitriny ny jaboady ratsy indrindra izay fantatro dia ny devoly. Ary raha te-hanao fikapokapohana kely iray ianareo, dia mivazavazà "amena" matetitetika. Ary izaho—izaho . . . Hoterentsika ao anaty hazo izy, afaka kelikely, ka handeha haka azy. Hitanareo?

34 Fantatrareo, Buddy Robinson antitra, maro aminareo no efa nandre ny aminy. Sa tsy izany? Ilay fiangonana Nazareana. Hoy izy hoe, "Tompo," hoy izy, "omeo taolan-damosina iray tahaka ny tsofan-kazo aho. Omeo fahalalana betsaka aho amin'ny tendrom-piafaran'ny fanahiko. Ary avelao aho hiady amin'ny devoly raha mbola manana nify anankiray foana aho, ary avy eo dia hanaikitra azy amin'ny akanjonify mandra-pahafatiko." Heveriko fa izany dia tsara iray . . . Ary izany mihitsy no nataony. Izany mihitsy no nataony; teo, saiky zato taona, nefa mbola nitory ny Filazantsara foana.

35 Mandre an'ireo mpiady tranainy aho mitory teny tahaka an'izany. Indray andro, sendra nandefa radio aho, ary rahalahy antitra iray, amin'ny anarana hoe Mordecai F. Ham, nanodidina ny zato taona, mbola mitory ny Filazantsara foana. Hoy aho hoe, "Andriamanitra, tahio izy, ary enga anie izy hanana kintana eo amin'ny satroboninahiny rehefa tonga Any izy." Rahalahy Ham, zara raha mahafantatra azy fotsiny aho. Indray andro dia tiako ny hihaona aminy alohan'ny hiampitany, ilay Tany. Ary, noho izany, afaka mandray tànana olona maro Any izy. Fantatro fa hanana betsaka ho raisin-tànana izy rehefa tonga Any, oh, satria efa mpiady tranainy iray izy.

36 Ny Tompo hitahy anareo ankehitriny. Ary ankehitriny, alohan'ny idirantsika ao amin'ity Teny ity, dia ndao isika

hangataka an'ilay Mpanoratra hidina ka hanambara Azy amintsika.

37 Ry Rainay any An-danitra tsara fanahy, manatona Anao izahay, izao hariva izao, amin'ilay Anarana maha-te-ho tia, mahafinaritra an'Ny Zanakao, Jesosy; miaiky ny fahotanay, hoe tsy mendrika ny hiteny Ny Anarany masina izahay. Satria ao . . . Ny fianakaviana rehetra any An-danitra dia antsoina hoe "Jesosy." Ny fianakaviana rehetra eto an-tany dia antsoina hoe "Jesosy." Ary amin'izany Anarana izany no handohalehin'ny lohalika rehetra, ary ny lela rehetra dia hiaiky an'Izany, na mpanota izy ireo na olo-masina. Noho izany, rehefa miteny amin'Ny Anarany izahay, dia toy ny ahoana no tokony hangovitanay ao am-ponay, miaraka amin'ny fanajana, raha miteny izahay. Noho izany dia mangataka amin'Ny Anarany izahay, am-panajana, mba Hanatonanao anay izao hariva izao, Tompo.

38 Eto afovoan'ny tanàna lehibe iray no misy anay, miaraka amin'ireo karazam-pitaovana rehetra izay amatoran'i Satana ny olona, ao amin'ny asan'izy ireo, ao amin'ny filokàny, sy fivarotan-tena, whisky, sy sigara. Ary, O Andriamanitra, ary mpitoriteny maro, eo amin'ny polipitra, no mamela an'izany handalo fotsiny toy ny hoe iray amin'ireo zavatra mahazatra fotsiny ilay izy.

39 Saingy, Andriamanitra, omeo anay ilay feon'ny fampitandremana, mba hitorianay ny Filazantsara mahitsy sy marina, mametraka ny famaky eo amin'ny fototry ny hazo, mamela an'ireo sila-kazo hianjera na aiza na aiza hisy azy. Fa ampio izahay, Tompo, mba hanonona fitsarana eo amin'ny zavatra tahaka an'izany, ka hitory ny Filazantsaran'Ny Zanakao malala, Jesosy.

40 Andriamanitra, ekeo mba hisy zavatra hiseho izay hanozongozona an'ity tanàna ity ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra. Ka, na dia ireo fiangonana aza, izay mandeha eny amin'ny zoron-dàlana fotsiny, miaraka amin'ny mambra vitsy, O Andriamanitra, enga anie ireo fiangonana ireo ho feno sy ho hipoka olona tsara, amin'ny fanao fahiny, masina, nateraka indray. Ekeo izany, Tompo. Ary enga anie izahay hahazo fifohazana iray, fifohazana fanao fahiny iray, nirahin'Andriamanitra izay hanozongozona mihitsy manomboka amin'ny ilany iray hatrany amin'ilay hafa, hanala ny faharatsiam-panahy rehetra. O Andriamanitra, aza manome anay fivoriana maharitra iray. Omeo fifohazana iray izahay izay hanakatona an'ireo fivarotan-toaka, ary izay hanao ny zavatra hahitsy; ka hanao ny olona ho tonga, rehefa maneno ny lakolosim-piangonana, ary hiangona eo amin'ny alitara ka hivavaka alohan'ny hafatry ny pasitera, ary ho vonona. Andriamanitra, ekeo izany.

41 Ankehitriny, izao hariva izao, dia mety misy marary eto, Ray. Ary raha mbola miresaka ny amin'ny marary izahay, na ho an'ireo aretina, ihany koa, dia enga anie ny Fanahy Masina hanasitrana ny olona marary tsirairay ato amin'ny tranobe. Vonjeo ny mpanota tsirairay. Antsoy hiverina, hody, ny mpiverin-dàlana tsirairay avy amin'ny làlany miverina.

42 Ary ankehitriny dia enga anie ny Fanahy Masina no ho ilay Anankiray izay nitari-dàlana ahy ho amin'ity lohahevitra ity, izao hariva izao. Ary enga anie Izy haka an'ireo zavatr'Andriamanitra ka hampiasa ny Mpanompony eto fotsiny ho fitaovana iray, ka enga anie Andriamanitra no handray ny voninahitra. Fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay. Amena.

43 Ao amin'ny andininy faha-7-n'ny toko faha-20-n'ny—an'ny Nomery, izao no vakiantsika.

> *Ary ny* Tompo *niteny tamin'i Mosesy, nanao hoe,*
>
> *Ento ny tehina, ary vorio miaraka ny fiangonana, ianao, sy Arona rahalahinao,. . . mitenena ianao* amin'ny *vatolampy eo imason'izy ireo; ary izany dia* hamoaka *ny ranony,. . .*

44 Tiako ianareo hanamarika an'izany, "Ny" ranony.

> *. . .izany dia* hamoaka *ny Ranony, ary ianao* dia *hamoaka ny rano ho azy ireo avy amin'ny vatolampy: koa ianao* dia *hampisotro ny fiangonana sy ireo bibiny.*
>
> *Dia nalain'i Mosesy ny tehina avy teo anatrehan'ny* Tompo*, arak'izay nandidiany azy.*
>
> *Dia novorian'i Mosesy sy Arona miaraka ny fiangonana teo anoloan'ny vatolampy, ka hoy izy tamin'izy ireo hoe, Mihainoa . . .ianareo ry mpiodina; tsy maintsy avy amin'*ny *vatolampy ve no amoahanay rano ho anareo?*
>
> *Ary nanainga ny tànany i Mosesy, ka nikapoka ny vatolampy indroa tamin'ny tehiny: dia nivoaka betsaka ny* rano*, ka nisotro ny fiangonana, ary ireo bibiny ihany koa.*

45 Enga anie ny Tompo handray an'ireo Teny vitsy ireo ankehitriny, raha miverina amin'ny lohahevitsika isika nanomboka omaly hariva ka mitondra azy hatreto amin'ity, raha sitrak'Andriamanitra.

46 Ary ankehitriny, tiako ny marary rehetra izay ato, izao hariva izao. . .Ankehitriny, tsy nizara karatra fangatahambavaka mihitsy i Billy androany, satria izaho no niteny taminy tsy hizara. Hoy aho hoe, "Mandehana fotsiny any, ry Billy, ka teneno Rahalahy Cauble. Ary avelao fotsiny aho. . . "

47 Manandrana zavatra iray aho, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. Mangataka an'Andriamanitra fotsiny mba hanampy antsika, hanome antsika fanahy hiditra ao amin'ny Fanjakana; ka ireo mpino izay hanatanjaka ny finoany, ary handroso, tsy misy na inona na inona hafa mihitsy aza, dia handroso avy hatrany fotsiny ka hanao hoe, "Andriamanitra, mino Anao aho, eo amin'ny Teny." Izay ilay izy. Izany no fomba fiandohana, sy voalohany, ary tsara indrindra. Marina izany. Raiso amin'Ny Teniny Andriamanitra. Noho izany, raha tsy afaka manao an'izany ianareo, amin'izay fotoana izay, mazava ho azy, dia mandefa zavatra hafa Andriamanitra, toy ny fanomezam-pahasoavana sy famantarana, mba—mba hanamarina Ny Teniny, mba hanamarina an'Izany amin'ny mpino tsirairay.

Ankehitriny, tamin'ny Alahady, dia nanana isika, "ny fanavotana amin'ny alàlan'ny Rà."

48 Maka an'i Isiraely isika ankehitriny, tao amin'ny diany, nivoaka avy tany Egypta, tandindon'izao tontolo izao, teo amin'ny làlany nankany Palestina, ilay tany nampanantenaina. Heveriko fa zavatra iray tsara tarehy izany. Tiako fotsiny izany. Saiky isaky ny herinandro, dia mipetraka aho ary mamaky hatramin'ny farany an'ity Bokin'ny Eksodosy ity, raha vitako, na betsaka amin'izany arak'izay vitako. Tiako izy satria tandindona tanteraka iray an'ny fiangonana amin'izao andro izao, ilay toerana, ary ahoana no ihetsehan'Andriamanitra. Nihetsika tamin'izany, izay Nataony tao amin'ilay ara-boajanahary tamin'izany, no Ataony ao amin'ilay ara-panahy ankehitriny. Hitanareo ve izany?

49 Ankehitriny, tany no Nitarihany ny Isiraely, ara-boajanahary, rehefa nahita izy ireo, nijery, namoaka azy ireo avy tamin'ny tany anankiray nankao amin'ny tany ara-boajanahary iray hafa.

50 Ankehitriny isika dia hetsehan'ny Fanahy Masina, amin'ny fidirana ankehitriny ao amin'ilay Tany nampanantenaina. Mino ve ianareo fa eo amin'ny làlana iray mankany amin'ny Tany nampanantenaina iray isika? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] "Ao an-tranon'Ny Raiko misy fitoerana maro. Raha tsy izany, dia ho niteny taminareo Aho. Handeha Aho ka hanamboatra toerana iray ho anareo." Marina ve izany? ["Amena."] Ankehitriny dia manana Tany nampanantenaina iray isika izay handehanantsika, ka isan'andro dia manisy marika mari-bato iray; andro iray hafa, mari-bato iray hafa.

51 Ary misy aloka mainty goavana iray mipetraka any eo anoloantsika, antsoina hoe fahafatesana. Ary isaky ny midoboka ny fontsika, dia manao dingana anankiray manakaiky kokoa an'izany isika. Indray andro any, dia haka ny fidobony farany izy, dia hiditra isika. Tiako ny ho eo amin'ny fotoako,

manatanteraka ny anjarako; tahaka ny antenaiko ho an'ny tsirairay avy aminareo, izao hariva izao. Rehefa fantatro fa mipetraka eo anoloako mihitsy izany, ka tsy maintsy hihaona amin'izany aho, dia tsy tiako ny ho kanosa iray. Te-hampitafy ny tenako amin'ny akanjon'ny Fahamarinany aho, miditra ao amin'izany, mahafantatra an'izao, hoe azoko antoka fa mahafantatra Azy ao amin'ny Herin'ny Fitsanganany aho. Marina izany. Izany, rehefa miantso avy eo anivon'ny maty Izy, dia hantsoina hivoaka miaraka amin'ireo izay velona aho. Andriamanitra dia Andriamanitry ny velona iray.

52 Ankehitriny, raha nanao ny diany tao amin'ity tany ity izy ireo, dia hitantsika fa Andriamanitra dia nanao ny—nanao drafitra iray ho azy ireo. Nitondra ny fanavotana Izy, tamin'ny alàlan'ny rà. Avy eo dia hitantsika, fa Izy dia mitondra fanavotana, indray, amin'ny alàlan'ny hery.

53 Hitantsika, afak'omaly hariva, fa nanao an'ilay rà hampiarina Izy; izay tena tandindona iray tsara tarehy an'ilay mpino, hoe, rehefa nanaiky ny fahafatesan'i Kristy teo amin'ny toerany izy, amin'izay fotoana izay dia lasa zanak'Andriamanitra iray. Manomboka eo amin'ny diany izy.

54 Ankehitriny, ny zavatra manaraka izay tokony ananany . . . rehefa avy novonjena izy, ara-panahy.

55 Ankehitriny, ny fahafatesan'ilay zanak'ondry tsy manan-tsiny no nanomana fiainana ho an'ilay mpino meloka. Tsy tandindona tanteraka iray ve izany ankehitriny? Ny fahafatesan'ilay Tsy manan-tsiny, no manomana Fiainana ho an'ilay meloka. Ary ny fahafatesan'i Kristy tsy manan-tsiny no manome Fiainana ho antsika ilay meloka.

56 Ankehitriny, voalohany, arak'izany, rehefa avy nanome fiainana azy ireo tamin'ny alàlan'ny rà Andriamanitra, ka nanaporofo an'izany, dia nandalo teo ambonin'izy ireo ny fahafatesana, Nasainy nanomboka ny diany izy ireo. Hikambana amin'izy ireo isika afaka kelikely.

57 Mariho ankehitriny, avy eo, ny zavatra manaraka izay nataon'Andriamanitra, vantany vao lasa mpino sy zanaka izy ireo, ary nanaiky an'Andriamanitra, dia nanenjika azy ireo ilay fahavalon'ny fahafatesana ara-batana. Ary notereny izy ireo, tanteraka mihitsy; tamin'ny tany efitra teo amin'ny ilany iray; ilay Ranomasina Mena teo amin'ilay hafa; ireo tendrombohitra teo amin'ny ilany hafa; tonga ny tafik'i Farao, nanenjika, miaramila an-tapitrisany no nandeha, handresy azy ireo.

58 Ankehitriny, Andriamanitra dia efa naneho fa nanome fiainana ho azy ireo Izy, tamin'ny alàlan'ny fahafatesan'ilay zanak'ondry; ankehitriny dia haneho amin'izy ireo ny fanavotana ara-batana Izy. Haleloia! Hitanareo, sady ho an'ny famonjena no fanasitranana, hitanareo, ho an'ilay olona ara-boajanahary sy ilay olona ara-panahy.

59 Nandalo ilay Anjelin'ny fahafatesana, nanaporofo fa efa nanao làlana iray handosirana Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny fanatitra rà, ka neken'izy ireo izany. Ankehitriny dia hanao làlana iray handosirana amin'ny fahafatesana arabatana Izy.

60 Tahaka an'ilay mpino, vantany vao voavonjy izy. Angamba homamiadana iray no nandany azy, na aretina iray. Andriamanitra dia manao fanavotana, ihany koa, amin'ny alàlan'ny hery. Tahaka ny Anaovany fanavotana ho an'ny fanahy, no Anaovany fanavotana ho an'ny vatana. Izany dia ny . . .

61 Voavonjy izy ireo, ary voafora izy ireo. Teo ambanin'ny rà izy ireo, saingy, kanefa, Farao dia nandeha . . . Nandeha handrava azy ireo ilay fahavalo, hamono azy rehetra ireo tao anefitra mihitsy, tamin'izay fotoana izay dia naneho ny Herin'ny fanavotany ho an'ny vatan'izy ireo Andriamanitra. Azonareo ve ilay izy? Fantatrareo ve izay resahako? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Fanavotana amin'ny alàlan'ny hery! Ary tamin'izay fotoana izay, rehefa saiky hamely azy ireo ny fahavalo, dia nitsangana teo ambonin'ny Isiraely ilay Andry Afo lehibe ivelan'ny voajanahary, tonga teo ambony teo ary nitsangana teo anelanelan'izy ireo sy ny fahafatesana.

62 Aoka hilentika izany mandritry ny minitra vitsy. Afaka mahita an'izay resahako ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

63 Ankehitriny, ho an'ny mpino tsirairay, zanak'Andriamanitra nateraka indray, rehefa tonga hangalatra eo am-baravarana ny fahafatesana, alohan'ny fotoana, dia mitsangana eo anelanelanareo sy ny aretina ilay Anjelin'Andriamanitra. Ankehitriny, raha te-hihazakazaka hankeo amin'izany ianareo, dia raharahanareo izany; fa tsy voatery hankeo ianareo. Hitanareo? Mitsangana eo anelanelanareo sy ny fahafatesana Izy.

64 Telo amby roapolo taona lasa izay, tao amin'ilay Hopitaly Jiosy, nanome ahy adiny telo i Dr. Morris Fletcher; iray amin'ireo mpandidinareo tsara indrindra eto amin'ny tanàna, nanome ahy adiny telo hahavelomana. Velona aho, izao hariva izao. Haleloia! Nahoana? Nohon'ny fahasoavana tsy mendrika ahy, dia nitsangana teo anelanelako sy ny fahafatesana ilay Anjelin'Andriamanitra, mba hiaro ahy, ary nekeko Izany. Ary ho fankasitrahana, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia nahazo fanahy antsasaky ny tapitrisa ho Azy aho, izao hariva izao.

65 Oh, toy ny ahoana no ahafantaran'Andriamanitra hoe ahoana no anaovana zavatra, raha hanaraka fotsiny isika. Aza manandrana hitarika an'Andriamanitra. Avelao Andriamanitra no hitarika anareo. Hitanareo? Isika no

anankiray tokony ho tarihina. Heveriko fa izany no antony nampitovian'Andriamanitra antsika tamin'ny ondry.

66 Efa mba nahita ondry iray very ve ianareo? Nahoana, izy no biby tsy manan-kery indrindra eto amin'izao tontolo izao. Tsy afaka mahita ny làlany na aiza na aiza izy. Mitsangana fotsiny izy ary mibarareoka mandra-pihinan'ny ambodia azy, na maty eo izy. Tsy afaka mahita ny làlany miverina izy.

67 Ary tahaka an'izany ilay izy, hoe, rehefa very ny olona iray, dia tsy manan-kery tanteraka izy. Tsy misy na inona na inona azonareo atao mikasika an'izany. Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny fahasoavana, no tsy maintsy mitarika anareo hankeo amin'i Kristy. Hoy Jesosy hoe, "Tsy misy olona mahay manatona Ahy raha tsy ny Ray no mitarika Azy. Ary izay rehetra Tarihiny, ka manatona, dia Homeko Fiainana mandrakizay izy." Teny fikasana iray toy ny inona!

68 Oh, maniry aho ny ahafahako mahazo ny olona tsirairay ato, izay handentika an'izany lalina ao ambanin'ny taolan-tehezana fahadimy eo amin'ny ilany ankavia, mandra-pandònan'izany an'ilay ivon'ny fo. Hahita ny olona hitsangana mihitsy ianareo, miaraka amin'ireo karazana aretina rehetra mihantona eo amin'izy ireo, mivoaka avy amin'ity tranobe ity, mifaly, mandà ny hanana an'izany. Hamindra ireo mandringa ara-dalàna mihitsy arak'izay maha-izy azy ireo. Handà ny hahafantatra zavatra hafa izy ireo. Hitanareo?

69 Matahotra ianareo. Matahotra ny hanao an'ilay fanombohana ianareo. Miandry an'Andriamanitra hidina ianareo ka hisintona anareo hivoaka. Tsy tahaka an'izany no anaovan'Andriamanitra an'ilay izy. Ianareo no anankiray tsy maintsy manao an'ilay dingana. Izy no manome ny teny fikasana, ka manao hoe, "Avia," avy eo dia manaraka ianareo.

70 Mariho ankehitriny ireo zanak'Isiraely, tamin'izany. Tonga Andriamanitra ary nitsangana teo anelanelan'izy ireo sy ilay loza; herin'ny fanavotana . . . fanavotana amin'ny alàlan'ny hery, raha ny marina. Fanavotana amin'ny alàlan'ny rà; fanavotana amin'ny alàlan'ny hery.

71 Omaly hariva dia navelantsika izy ireo, nandadilady fotsiny teo amin'ny morona, teo amin'ny ilany hafa an'ilay Ranomasina Mena. Ireo fahavalo rehetra, niendaka ny kodiaran'ny kalesin'izy ireo. Natahotra ny soavalin'izy ireo, teo afovoan'ilay renirano mihitsy, ary nihodina tamin'ny làlana rehetra izy ireo, nandeha tamin'*ity* làlana ity, ary nivarina tao anaty fotaka ireo kodiarana ka niendaka. Ary nihazakazaka tahaka ny adala ny andian'olona iray, ilay fahavalo. Ary nihanika teo ambonin'ny morona i Isiraely, mba hahita an'Andriamanitra naninjitra ny Tànany ka nandrava ny fahavalo rehetra.

72 Tandindona iray tsara tarehy, ilay mpino, eo ambanin'ny Rà; sitrana arak'izany tamin'ny alàlan'ilay fanelanelanana,

ilay herin'Andriamanitra no nitsimbina ny ainy, nanalava an'izany nandritry ny fotoana iray. Izy ireo dia, ny tsirairay avy, novonoina teo no ho eo; ho novonoiny teo no ho eo tany an-efitra mihitsy izy ireo, raha tsy nitsangana nanelanelana azy ireo Andriamanitra. Ho efa maty aho, efa ela izay, raha tsy nitsangana teo anelanelako sy ny fahafatesana Andriamanitra. Ny mpino tsirairay ato dia ho efa maty, efa ela izay, raha tsy nitsangana teo anelanelanareo sy ny fahafatesana Andriamanitra; ny tsirairay avy aminareo. Noho izany, Andriamanitra, amin'ny Fahasoavany sy ny famindrampony masi-mandidy, dia mitsangana eo anelanelan'ilay mpino sy ny fahafatesana. Haleloia!

73 Izay ilay izy. Avy eo dia inona ny zavatra manaraka ho an'ilay mpino? Ny zavatra manaraka dia ny batisan'ny Fanahy Masina avy eo. Nitarika ny zanak'Isiraely avy hatrany nankeo amin'ny Ranomasina Mena i Mosesy, natao batisa tao amin'ny Ranomasina Mena. Ny ranomasina, rano, dia maneho ny Fanahy. Rehefa nikapoka an'ilay Vatolampy izy, dia nivoaka ny rano. Ary tandindona iray an'i Kristy izany, ao amin'ny Jaona 3:16. "Toy izao no nitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao, Nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho levona izay rehetra mino Azy, fa hanana Fiainana mandrakizay." Mariho, vahoaka iray teo am-pahalevonana, tany an-efitra, no novonjen'ny Vatolampy iray nokapohina. Ary vahoaka iray eo am-pahalevonana no voavonjy androany (eo am-pahalevonana ao amin'ny fahotana, eo am-pahalevonana ao amin'ny heloka) satria ilay Zanak'Andriamanitra nokapohina no naka ny toeran'izy ireo; rano, ny Fanahy, niboiboika!

74 Diniho, tiako ianareo hahita an'izany ankehitriny, raha niampita ny Ranomasina Mena izy ireo, dia tandindona iray an'ny fandraisana ny Fanahy Masina. Rehefa avy navotana tamin'ny fahafatesana ilay mpino, ho amin'ny Fiainana; nanasitrana ny vatany ny herin'Andriamanitra; ankehitriny dia kandidà iray ho an'ny batisan'ny Fanahy Masina izy. Ankehitriny dia manana dia iray izy, any, eo anoloany; saingy, alohan'ny ahafahany manatanteraka an'io dia io, dia tsy maintsy manana zavatra hitarika azy izy. Amena. Tandindona tanteraka an'ny Pentekosta!

75 Mariho, raha nandadilady teo amin'ny morona izy ireo. Ny mpino tsirairay, rehefa miditra ianareo ka voavonjy, ary manaiky ny Ràn'i Jesosy, dia mbola miezaka mifikitra amin'*ity* foana ianareo ary mifikitra amin'*itsy*, ary tsy afaka hiala amin'*ity* ianareo ary tsy afaka miala amin'*itsy*. Afaka kelikely, dia mety hanao zavatra tsara ho anareo Andriamanitra; saingy tsy afaka miala amin'ny sigaranareo ianareo, tsy maintsy manao fiaraha-misotro miaraka amin'ireo namana matetitetika ianareo ankehitriny. Fa ny ilainareo dia ny miampita ny Ranomasina Mena.

76 Rehefa tafavoaka teo amin'ilay ilany hafa izy ireo. Ity ilay izy. Tiako ianareo hahita an'izany. Rehefa tafavoaka teo amin'ilay ilany hafa izy ireo, nandadilady teo amin'ny morona ka nitodika, dia nahita an'ireo mpampiasa fahiny rehetra ireo izay nikapoka azy ireo, namono ny sasany tamin'izy ireo. Tahaka ny homamiadana mihitsy sy ireo sigara sy paraky ary whisky sy ny zavatra hafa rehetra, mitarika an'ireo ankizy harary saina, mandefa azy ireo any amin'ny fitokana-monina, ao amin'ny hopitaly, ary andiana marary saina sy ny zavatra hafa rehetra novokarina eto amin'izao tontolo izao. Rehefa nitodika izy ireo ka nahita an'ireo zavatra rehetra ireo niady, tsy nanan-kery, ary teo am-pahafatesana tao anatin'ny ranomasina. Rahalahy, miresaka ny amin'ny fivoriana iray ve ianareo; nanana anankiray izy ireo!

77 Mosesy! Oh, havelako hilentika lalina ity. Manantena aho fa midina izany. Mosesy, mpaminany lehibe indrindra izay hany velona, ankoatran'i Jesosy Kristy. Tsy nisy lehilahy iray mihitsy izay hany niresahan' Andriamanitra, tahaka ny Nataony tamin'i Mosesy, ankoatran'i Kristy. Hoy Izy hoe, "Raha misy anankiray izay ara-panahy, na mpaminany, eo anivonareo, dia Izaho no haneho fahitana aminy ary hampahafantatra ny Tenako aminy. Fa tsy i Mosesy Mpanompoko; miresaka aminy avy eo amin'ny molotra mankany amin'ny sofina Aho." Marina izany.

78 Mosesy, io lehilahy mendri-kaja io. Vantany vao nandalo tamin'io fahatsapana io izy, nahita an'ireo mpampiasa rehetra ireo maty, dia fantany fa lasa mandrakizay ireo zavatra rehetra ireo tamin'izay fotoana izay. Ireo zavatra rehetra ireo izay nitarika azy ireo, sy nikapoka azy ireo, ary nikaravasy azy ireo teo, dia tapitra. Nanangana ny tànany izy ary nihira tao amin'ny Fanahy. Oh, oadray!

79 Tsy nisy tandindona mihitsy, ary tsy hisy, mandra-pahatongantsika any amin'ny Voninahitra any ambony any. Rehefa vita ny fahafenoana teo, dia nihira tao amin'ny Fanahy izy. Ary rehefa avotana ao amin'ny vatana isika . . .

80 Izany dia tandindona iray an'ny Fanahy Masina tonga tamin'ny Pentekosta, rehefa niampita ny ranomasina isika. Tandindona iray an'ny Pentekosta izany. Ary i Mosesy, ao amin'ny tand-. . . ao amin'ilay tandindona tany, rehefa niampita an'izany izy, dia nihira tao amin'ny Fanahy. Tonga tamin'ny Andron'ny Pentekosta izany. Ary rehefa tanteraka ilay vatana, navotana. . . Ankehitriny ny fanahintsika dia navotana tanteraka, marina, "tsy mety levona; manana Fiainana mandrakizay." Izany no lazain'ny Baiboly!

81 Oh, mahatsapa ho tsara aho. Mariho hoe nahoana. Satria fantatro fa izany no HOY NY TOMPO HOE. Mampifikitra ny fanahiko eo fotsiny aho, ary manohy mandeha, ka manao hoe, "Satana, asisiho fotsiny izay tianao asisika, amiko. Aza

manelingelina ahy, satria fantatro Izay ninoako, ka resy lahatra aho fa Izy dia afaka mitahiry an'izay natolotro Azy ho amin'ilay Andro." Amena.

82 Ny ilaintsika izao hariva izao dia fifohazan'ny haleloia, tsara iray, an'ny fanao fahiny, Billy Sunday, torotoro, izany no ilaintsika manerana eto Louisville. Marina izany, mila fifohazana pentekotista tsara iray, amin'ny fanao fahiny, nirahin'Andriamanitra. Eny, tompoko.

83 Mariho, arak'izany, rehefa navotana ny vatantsika... Satria, manana ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra isika ankehitriny, ho aloka iray.

84 Satria aloka iray an'ny Pentekosta izany, dia jereo izay nataon'izy ireo tamin'ny andron'ilay aloka, an'ny famonjena. Jereo hoe ahoana no nandehanan'izy ireo teo anatrehan'Andriamanitra tany, "Namono ny...lela sy ny... an'ny afo, ary afaka tamin'ny lelan-tsabatra," ireo zavatra rehetra izay nataon'izy ireo, "nivoaka avy tao amin'ny lafaoro afo; afaka tamin'ny lavaky ny liona, sy ny zavatra rehetra," tamin'ny alàlan'ny aloka, haleloia, tamin'ny alàlan'ny aloky ny Pentekosta.

85 Ankehitriny dia manana ny fanavotana tanteraka amin'ny alàlan'ny Ràn'i Kristy isika. Tsy afaka nahazo ny fanavotana tanteraka izy ireo tamin'izany, satria teo ambanin'ny ràn'ombilahy sy osy izany, ka tsy hanaisotra ny fahotana izany; nanarona fotsiny ny fahotana izany. Fa rehefa nararaka ny Ràn'i Jesosy, ilay Rà marina sy masina indrindra, dia tsy voasarona intsony ny fahotana; nosarahina izy ireo ary nofoanana, ka miditra ao amin'ny Fanatrehan'ny Mpanao azy ilay mpino. Haleloia!

86 Raha izany no nataon'izy ireo tamin'izany, ilay aloka tany, an'i Mosesy izay nihira tao amin'ny Fanahy; noho izany, ao amin'ny Apokalypsy, ireo izay nahazo ny fanavotana tanteraka an'ny vatana, dia nitsangana teo amin'ny ranomasina fitaratra ka nihira ny fihiran'i Mosesy indray, ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy.

87 Miresaka ny amin'ny—ny fivorian'ny Fanahy Masina iray ve? Nanana an'izany izy ireo rehefa niakatra teo amin'io morona io. Henoy, ranabavy. Ilay Miriama kely manan-kaja, ilay mpaminanivavy, ilay anabavin'i Mosesy, mpaminanivavy iray, lasa tena taitaitra izy hany ka nandramby amponga tapaka iray ka nihazakazaka nankeo amin'ny morona, nikapoka an'io amponga tapaka io, ary nandihy tao amin'ny Fanahy. Tsy izany ihany, fa ireo zanakavavin'ny Isiraely rehetra dia nanaraka azy, nandihy tao amin'ny Fanahy. Raha tsy izany no Fanahy Masina milatsaka, dia tsy mbola nahita anankiray mihitsy aho. Nahoana, mazava ho azy, izy ireo, raha ireo firenena mpanarapomba, manan-kaja rehetra no afaka nijery tamin'ny alàlan'ny

masolaviny ka nahita an'izany, dia ho nilaza izy ireo hoe, "Fanatisma." Marina. Saingy Andriamanitra izany. Marina!

88 Mijery ireo zavatra manan-kaja, amin'izao andro izao, eo amin'izay notahian'Andriamanitra. Marina!

89 Mampahatsiahy ahy tantara iray izany. Nanana toerampambolena goavana be ny lehilahy iray. Nanorina tranombokatra goavana be tsara tarehy izy, nanan-kaja sy klasika arak'izay naha-izy azy, saingy kamo loatra hamboly. Eny àry. Nisy mpamboly hafa iray nipetraka teo akaikiny; tsy nanana tranom-bokatra tena betsaka izy, saingy mpamboly iray marina tokoa, ary nametraka sakafo tsara betsaka tao anatin'io tranom-bokatra io tamin'io taona io. Ary teraka ny zanak'omby anankiroa, ny anankiray tao amin'ny tranom-bokatra iray ary ny anankiray tao amin'ilay hafa. Rehefa tonga ny lohataona, dia namoaka an'ireo zanak'omby avy tao amin'ny fihinanam-bilona izy ireo.

90 Io zanak'omby kely avy teto io, dia nofahanana tsara mihitsy, oadray, rehefa nanomboka namely azy io rivotra io, oh, oadray, nakariny ireo kitrony, ary lasa izy, haingana mihitsy arak'izay azony nandehanana; nirimorimo, sy nitsambikina, ary nifofofofo, sy nandeha.

91 Ary avy eo dia namoaka ny azy ilay mpamboly hafa, tany. Izy tsy—tsy nanana hohanina afa-tsy ahi-dratsy izy; kamo loatra hamboly, kamo loatra hamahana azy.

92 Mametraka ao an-tsaina ny sasany amin'ireo pasitera ireo. Marina! Marina! Kamo loatra! Tsy misy dikany loatra izany. Ary tranom-bokatra manan-kaja fotsiny no hany anananareo. Mametraha Sakafo vitsivitsy ao anatiny ao ho an'ilay zanak'omby! Marina. Marina. Ny batisan'ny Fanahy Masina, toriana amin'ny hery, hikosoka azy ireo izany. Marina izany. Fa ny ilain'izy ireo, dia fikosehana tsara iray amin'ny fanao fahiny; izany no ilain'ny fiangonana, izany no ilain'ireo mambra. Mariho.

93 Ary potika io zanak'omby antitra kely io. Biby kely, mahantra no nivoaka avy tao amin'ilay fihinanam-bilona, izay tena nahia ka zara izy raha afaka nandeha. Ary nitsirika avy teo amin'ilay lavaka izy, ka nijery ny teny ampita.

94 Ary hitany io zanak'omby hafa io nirimorimo fotsiny. Natavy tanteraka izy ary botabota. Nahatsapa ho tsara izy. Nihinana izy nandritry ny ririnina manontolo.

95 Ary io zanak'omby kely, maty noana io dia nijery teo, nanao hoe, "Fanatisma toy ny inona!" Oadray! Azo antoka, tena nahia loatra izy mba hieritreritra zavatra hafa.

96 Fa, teneniko aminareo, rehefa natavezina tanteraka io anankiray io, mandritry ny ririnina manontolo, rahalahy, dia

fantany izay nisy azy. Nanana fotoana tsara iray izy rehefa nanomboka nitsoka teo aminy io rivotra mafana io.

97 Ary ny olona rehetra izay nateraky ny Fanahin'Andriamanitra, izy ireo dia hiantso azy ho fanatika iray na zavatra hafa. Fa rehefa io rivotry ny Fanahy Masina mafana io, an'ny lohataona, no manomboka tonga tahaka ny Nahatongavany tamin'ny Andron'ny Pentekosta, dia misy zavatra miseho. Marina. Manomboka mitsoka ireo rivotra mafana; rahalahy, natavezin'ny Filazantsara tanteraka ianareo, botabota tanteraka ary mahatsapa ho tsara. Akaro ny kitronareo ka manàna fotoana tsara iray.

98 Tahaka an'izany no nataon'i Miriama sy izy ireo. Nijery ambany ary nahita fa ireo zavatra ratsy rehetra izay nataon'izy ireo fahiny, dia maty avokoa ary lasa. Efa hitan'izy ireo fa nanaiky an'ilay rà Andriamanitra; efa hitany ny Heriny tao amin'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, nitsangana teo anelanelan'izy ireo; niampita an'ilay Ranomasina Mena, ary natao batisa tamin'ny Fanahy; nandeha teo amin'ilay ilany hafa, nanana fotoana tsara iray fotsiny. Tsy nahoan'izy ireo izany ny . . . izay noeritreretin'ireo rafi-pandaminana rehetra mikasika an'izany. Amena.

99 Tandindona tanteraka iray toy ny inona izany amin'izao andro izao, ny amin'ny mpino izay sahy hanao dingana.

100 Andriamanitra no nampanantena fa Izy no hanome an'izay ilainy rehetra. Nampanantena Izy fa Izy no hanome an'izay ilaintsika rehetra. Tsy niteny tamin'izy ireo mihitsy Izy hoe, "Hanao fomba fanasitranana iray Aho; hanao fomba iray an'*ity* Aho; hanao fomba iray an'*itsy* Aho." Hoy Izy hoe, "Homba anareo Aho!" Haleloia!

101 Izany no Nolazainy tamintsika. "Homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao." Izay ihany no tsy maintsy lazaiko. Tsy mila miady hevitra an'*ity, itsy,* na ny *hafa* ianareo. Raha eto Izy, dia izany no mahafa-po ahy; Eto ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, eto ny Hery. Ny zavatra rehetra izay naha-izy Azy tany, no maha-izy Azy ankehitriny hoe, "Jesosy Kristy ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Noho izany, afaka mandray ny teolojianareo ianareo ka rendrika miaraka amin'izany. Rahalahy, mino aho fa Jesosy Kristy ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay; no nilaza hoe, "Homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao." Eny.

102 Ary nivoaka izy ireo tany, ka nomba azy ireo Izy. Ankehitriny dia hoy izy hoe . . . Oh, nanana fitondrana mofo kely izy ireo teny ambonin'ny lohany; lany sy tapitra daholo izany. Tsy nanana intsony. Nandeha natory izy ireo, noana kely tamin'io alina io.

Fa ny ampitso maraina rehefa nifoha izy ireo, dia nisy mofo nipetraka nanerana ny tany rehetra.

103 Tahaka an'izany no anaovan'Andriamanitra zavatra; mamela anareo ho tonga hatreo amin'ilay minitra farany mihitsy, avy eo dia maneho aminareo izay Azony atao mikasika an'izany. Marina izany. Tiany ny manao an'izany. Tiany ny manao. Tiany ny manampoka ny Olony.

104 Ianareo lehilahy dia tia manao tahaka an'izany amin'ny vadinareo. Miandry hatramin'ny tsingerin-taona nahaterahany, mihazona azy eo ambanin'ny ahiahy fotsiny, satria tianareo izy.

105 Izany no antony amelan'Andriamanitra antsika ho tonga eo amin'ny faran'ny làlana indraindray, satria Tiany isika ary tiany ny hanaporofo ny Ivelan'ny voajanahariny sy ny Heriny. Satria Tiany isika, dia izany no antony Anaovany an'izany. Eny. Mamela antsika fotsiny ho tonga eo amin'ny toerana izay saiky mahavonona antsika hanao an'ilay dingana farany mihitsy Izy, avy eo dia miditra eo amin'ny sehatra Izy.

106 Namela an'ireo ankizy Hebreo niditra avy hatrany tao anatin'ilay lafaoro afo Izy, fa nisy Lehilahy iray fahefatra nitsangana teo niaraka tamin'ny fikopahana, nisakana an'izany tamin'izy ireo. Hitanareo? Eo foana Izy. Tsy mandao mihitsy Izy. Akaiky foana Izy. "Ny Anjelin'ny Tompo dia mitoby manodidina an'ireo izay matahotra Azy."

107 Tany, tamin'io alina io, naka an'io mofo io izy ireo ny ampitso maraina. Toa hitako ireo Isiraelita izay vao avy niampita ny Ranomasina Mena; vao avy navotana tamin'ny alàlan'ny rà; nahita an'ilay Herin'Andriamanitra manasitrana, na ilay Hery mahagaga nitsangana teo anelanelan'Andriamanitra . . . ary teo anelanelan'ny Isiraely sy Egypta; ary nandrendrika an'ireo fahavalo taorian'izany.

108 Tahaka ny nahalasanan'ilay homamiadana tranainy mandrakizay, lasa ny fahajambana, lasa ny marenina, lasa ireo diabeta, ny zavatra rehetra dia rendrika tany tao amin'ny Ràn'i Jesosy Kristy. Ahoana no tsapanareo? Oadray!

109 Mandeha eny an-dàlambe, ary mpitsikera antitra iray no manao hoe, "Andraso iray minitra ankehitriny! Azonao antoka ve ny amin'izany?"

"Aza miresaka amiko." Amena. Oh, oadray!

110 Toa hitako izy ireo tany, manangona sy manangona fotsiny, ary mihinana, ka manana fotoana iray be voninahitra. Tahaka ny fivoriana amin'ny fanao fahiny iray fotsiny, an'ny Fanahy Masina. Indro ho tonga ny Fanahin'Andriamanitra mihetsika eo ambonin'ny olo-masina kely iray, izay hanandra-tànana; mandray an'izany ao am-po tahaka an'izany, ary mihorakoraka hoe, "Deraina ny Tompo!" Fivoriana iray amin'ny fanao fahiny fotsiny tahaka an'izany. Eny, tompoko. Naka an'izany fotsiny avy

teo amin'ny ilany iray mankany amin'ny hafa izy ireo, nanana fotoana tsara iray.

111 Ankehitriny, tsy nitsahatra mihitsy io mofo io. Nanaraka nandritry ny dia izany, ho azy ireo. Marina izany. Ary tandindona tanteraka iray an'ny pentekosta ao anatintsika izany. Tao amin'ilay ara-boajanahary izany. Tsy nitsahatra mihitsy io mofo io. Nijanona ho ilay mofo iray ihany izany, mandra-piditr'izy ireo tao amin'ilay tany nampanantenaina. Marina ve izany? Mahafantatra an'izany ianareo mpamaky Baiboly. Ary amin'izay fotoana izay isika rehefa . . .

112 Notokanana tamin'ny Andron'ny Pentekosta ilay Fiangonana, rehefa tao ambony tao ireo mpino. "Ary tonga ny feo iray tahaka ny rivotra mahery mifofofofo, nameno ny trano izay nipetrahan'izy ireo." Ilay Fanahy Masina iray ihany izay nilatsaka tamin'izany, no milatsaka ankehitriny. Hitohy avy hatrany izany nanomboka tamin'io fotoana io ka hatramin'ny fiafaran'ny fotoana. Hitohy hatramin'ny farany izany. Mofontsika izany. Izy ireo dia novokisana mofo ara-boajanahary; isika vokisana mofo ara-panahy.

113 Hoy Jesosy hoe, "Izaho no Mofon'Aina izay avy tamin'Andriamanitra, any An-danitra."

114 Hoy izy ireo hoe, "Ny razanay nihinana ny mana tany an-efitra, nandritry ny efapolo taona."

Hoy Izy hoe, "Izy ireo dia, ny tsirairay avy, maty." Eny, tompoko.

115 "Fa izay mihinana ny Nofoko sy misotro Ny Ràko, no manana Fiainana mandrakizay, ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany. Izaho no Mofon'Aina izay avy tamin'Andriamanitra, any An-danitra. Raha misy olona mihinana an'ity Mofo ity, dia tsy ho faty mihitsy izy." Eo ianareo izao. Izy ireo nanana an'ilay ara-boajanahary; isika manana an'ilay ara-panahy. Oh, tsy hatakaloko na inona na inona izany. Mahafinaritra!

116 "Oh," hoy ianareo, "Rahalahy Branham, fantatray rehetra fa fanatika iray ianao." Eny, izaho dia mahafantatra, ihany koa. Adalan'i Kristy aho. Adalan'iza ianareo? Mety no adalan'ny devoly ianareo. Eny àry. Noho izany, aleoko ho adalan'i Kristy, ary ianareo? Eny àry.

117 Mariho, ity misy zavatra iray hafa mikasika an'io mana io. Rehefa nanomboka nanandrana azy izy ireo, dia hoy izy ireo hoe, "Manana tsiro tahaka ny tantely ilay izy." Eny, mamy ilay izy. Toa hitako mihitsy ireo olo-masina fahiny nilelaka ny molony ary nihinana hatrany. Tsara ilay izy.

118 Efa mba nanandrana an'*Ity* ve ianareo? *Ity* dia tsara, ihany koa. Izao no voalaza, "Andramo ka zahao, fa tsara ny Tompo. Tsara tsiro tahaka ny tantely ao anaty vatolampy Izy." Mazàna aho no nanao an'ity fanamarihana ity, imbetsaka.

Hoe, rehefa Davida fahiny, izay niresaka an'izany tao amin'ny Salamony, nanao hoe, "Manana tsiro tahaka ny tantely ao anaty vatolampy Izany."

119 Davida, satria mpiandry ondry iray, dia nanana kitapo kely iray izy, entin'izy ireo eo amin'ny valahiny, ary mitondra tantely ao anatin'izany foana izy ireo. Ireo mpiandry ondry fahiny dia mbola mitondra, foana, any—any Palestina. Ary rehefa ny—misy zavatra miseho eo amin'ny ondry kelin'izy ireo marary, amin'izay fotoana izay, ny zavatra voalohany fantatrareo, maninji-tànana izy ary mandeha maka ampahany kely amin'io tantely io, ary maka an'izany ka mikosoka an'izany eo ambonin'ny vatolampy, vatolampy vatosokay. Ary tian'ilay ondry io tantely io, noho izany dia mandeha milelaka an'io tantely eo ambonin'ny vatolampy io izy. Ary misy zavatra mikasika ny vatosokay izay manasitrana ny ondry marary.

120 Ary teneniko aminareo, manana kitapo iray manontolo feno tantely isika eto izao hariva izao, ary hametraka an'izany eo ambonin'ilay Vatolampy isika, Kristy Jesosy. Ary ilay ondry marary mandehana milelaka, dia hahazo antoka ianareo fa ho salama. Marina izany, milelaka fotsiny, milelaka, milelaka. Ary raha mbola milelaka an'ilay tantely, nahoana, dia mahazo antoka ianareo fa mahazo vitsivitsy avy amin'ilay vatosokay. Azo antoka tahaka ny zavatra rehetra mihitsy izany. Ankehitriny, tsy hametraka an'izany eo amin'ny fiangonana isika. Hametraka an'izany eo amin'i Kristy isika, izay misy azy. Marina izany. Satria, ny fanasitranana dia ao amin'i Kristy, amena, tahaka ny fitahiam-panavotana hafa rehetra. Mariho.

121 Ary zavatra iray hafa. Rehefa nanomboka nilatsaka izany, dia nodidiana hivoaka i Arona ka haka omera maro feno an'izany.

122 Ankehitriny, raha nanandrana ny hitahiry vitsivitsy ho an'ilay andro faharoa izy ireo, dia simba izany. Ary misy betsaka an'izany eo anivon'ireo olona manana ny Fanahy Masina izao hariva izao. Miezaka ianareo ny mihevitra hoe, "Eny, roapolo taona lasa izay, nanana hafatra tsara iray izahay. Izahay nanana ny—nanana fotoana tsara iray izahay." Inona no anananareo izao hariva izao? Izany ilay zavatra. Izy ireo . . .

123 Nilatsaka isaky ny alina izany. Tsy diso mihitsy izany na indray mandeha aza, afa-tsy tamin'ny—tamin'ny Sabata irery ihany. Marina izany. Ary ankehitriny dia nampidina an'izany Andriamanitra, vaovao, isaky ny alina; isan'andro, isan'ora, dia tonga izany.

124 Mariho, ireo omera feno ireo dia notehirizina. Hoy Izy hoe, "Ankehitriny, jereo, rehefa miditra ao amin'ilay tany ianareo, ka manomboka manontany mikasika an'io ny zanakareo . . ." Hoy Izy, "Ny mpisorona tsirairay izay miditra ao amin'ny asam-pisoronana ankehitriny, rehefa avy nahazo alàlana hanatona

eo amin'ilay toerana Masina izy, sy ny sisa, ary voatendry, mpisorona iray, amin'izay fotoana izay izy vao manana zò hiditra ka haka indraim-bava avy amin'ilay mana tany am-boalohany izay nilatsaka tany amin'ny voalohany." Ilay voalohany izay nilatsaka mihitsy, nalain'izy ireo izany ka napetrany tao anaty omera iray, ary nitahiry an'izany, ary natokana ho an'ny asam-pisoronana fotsiny izany.

125 Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, inona no tandindona ataon'izany amin'izao andro izao?"

126 Nahoana, isika no asam-pisoronana. "Asam-pisoronan'ny mpanjaka iray ianareo, firenena masina iray, vahoaka hafa iray, manao fanatitra ara-panahy ho an'Andriamanitra, ireo vokatry ny molotrareo misaotra Ny Anarany." Amena. Izay ilay izy. Ankehitriny, noho izany, tamin'ny Andron'ny Pentekosta, rehefa nilatsaka ny Fanahy Masina; ny manantsika.

127 Ankehitriny, ny mpisorona rehetra tany aoriana tany, teo ambanin'ny Testamenta Taloha, rehefa tonga mba ho mpisorona iray izy ireo, dia fantatr'izy ireo fa hahazo indraim-bava avy amin'ilay mana tany am-boalohany izy ireo; tsy anankiray namboamboarina, anankiray nataon'olona izay nitovy tamin'izany. Fa haka anankiray avy amin'ilay tany am-boalohany izy ireo.

128 Eny, tamin'ny Andron'ny Pentekosta, rehefa nanomboka nilatsaka ny manantsika, dia tonga tahaka ny rivotra mahery iray nifofofofo ny Fanahy Masina. Nisy andian'olona kely, nanam-pahamendrena tao, roapolo amby zato, tao amin'ny efitra ambony iray; nikatona ireo varavarana, nidina ireo varavarankely, nipetraka tao, niandry an'ilay teny fikasana. Hia, efa niaraka tamin'i Jesosy izy ireo, azo antoka. Fantatr'izy ireo ny Heriny, sy io rehetra io, saingy niandry an'ilay teny fikasana izy ireo.

129 Izany no ilaintsika izao hariva izao. Mba ho . . . Raha afaka ny ho iray saina ity vondron'olona ity, tahaka azy ireo tamin'io hariva io, dia hiverina ilay zavatra iray ihany izao hariva izao, ato amin'ity tranobe ity mihitsy, eto Louisville, Kentucky, izay niverina tamin'ny Andron'ny Pentekosta. Marina izany. Oh, mazava ho azy, hanana an'ilay karazana mpitsikera iray ihany izay nananan'izy ireo tany izy ireo eto Louisville. Fa, tao amin'ny toerana iray izy rehetra ireo, iray saina. Ary tampoka teo . . .

130 Tonga ny mpitoriteny iray, ary nanana taratasy iray izy, dia nanao sonia ny anarany izy ireo ary nahazo ny tànana ankavanan'ny fiombonana, ka niditra tao amin'ilay fiombonan'ny fiangonana ve? Mety ho izany amin'izao andro izao, fa tsy izany ilay izy tamin'izany. Tahaka an'izany no anaovan'ny Protestanta an'ilay izy. Mandroso mankeo amin'ny alitara ilay Katolika ka mandray ny fandraisany voalohany;

manatranga ny lelany, maka an'ilay hostia; ary ilay pretra no misotro ny divay. Avy eo dia lasa izany izy.

131 Fa, rahalahy, "Tamin'ny Andron'ny Pentekosta, dia iray saina izy ireo, tao amin'ny toerana iray, avy eo tampoka teo dia tonga ny feo iray avy tany An-danitra," tsy nisy nidiran'ny olona tamin'Izany, "tahaka ny rivotra mahery iray nifofofofo. Nameno ny trano rehetra izay nipetrahan'izy ireo izany." Nidina teo ambonin'izy ireo ny Herin'Andriamanitra! Nivoaka nankeny andàlambe izy ireo, nihetsika tahaka ny andian'adala iray; tahaka ny nataon'izy ireo tany rehefa avy niampita ny Ranomasina Mena. Marina ve izany? Nihiakiaka izy ireo. Nanao hadalana izy ireo. Nivembena izy ireo. Niambakambaka tamin'ny molony izy ireo.

132 Izy ireo, oh, hadalana iray tahaka an'izany, ianareo... hany ny olona ka, ilay fiangonana nanam-pahamendrehana, nitsangana tany ka nanao hoe, "Mamon'ny divay vaovao ireo olona ireo.

133 Haleloia! Hiantso ahy ho "holy-roller," iray na ahoana na ahoana, noho izany dia afaka manomboka ihany koa ianareo ankehitriny. Eny àry.

134 Jereo, feno Divay vaovao izy ireo, marina izany, ilay Divay izay avy tamin'Andriamanitra, any An-danitra. Efa mba nahita lehilahy iray mamo ve ianareo? Tia ny olona rehetra fotsiny izy, hitanareo. Tsy miraharaha izy. Tahaka an'izany ny olona iray izay mamon'ny Fanahy. Hoy ny Baiboly hoe, "Aoka tsy ho mamon'ny fisotro mahery, amin'ny tafahoatra, fa aoka ho mamon'ny Fanahy." Ny Fanahin'Andriamanitra no manao anareo ho tena mamo, ka adinonareo ny fahavalonareo rehetra, sy ny zavatra rehetra. Latsa-pitia aminareo ny olona rehetra. Tsy Ahoany ny mikasika ny hoe iza no mitsangana eo akaikinareo. Ianareo no lehilahy goavana indrindra ao amin'ny firenena amin'izany fotoana izany.

135 Tsy ahoako raha ny mpiara-monina aminareo, mipetraka eo akaikinareo, no nandeha tany amin'ny fiangonana manam-pahamendrehana iray; avelao fotsiny ny Fanahy Masina ho tonga eo aminareo indray mandeha, dia jereo izay miseho. Aoka hahitsy, tena tsara, mamo tampina, dia ho hitanareo izay miseho. Hilaza ianareo hoe, "Ranabavy, azoko ilay Izy! Ianao dia mila an'Izany, ihany koa!" Marina izany. Eny, tompoko, hisy zavatra hiseho.

136 Teo izy ireo, ny rehetra mamon'ny Divay vaovao. Ary, henoy, ny sasany aminareo anabavy eto, efa fantatrareo ve fa i Maria virijiny voatahy dia tao anatin'izany? Ankehitriny, tsy maintsy nandeha niakatra tao izy. Tsy maintsy nandeha niakatra tao ilay renin'i Jesosy Kristy ary tafiditra tao anatin'io andian'olona io, tena mamon'ny Fanahy hany ka nivembena tahaka ny mamon'ny whisky izy na zavatra iray.

137 Nefa ve ianareo dia mihevitra fa handeha any An-danitra amin'ny fitsofohana mankany am-piangonana ary mametraka ny fihirananareo ao ambanin'ny sandrinareo, ary mandeha any isaky ny Alahady maraina, ka maneno ny lakolosy, dia mipetraka ka mihaino vitsivitsy amin'ny . . . ary mandeha miverina? Tsy hahavita an'izany mihitsy ianareo.

138 Tsy maintsy mandeha amin'io làlana io ianareo, satria izany ihany no làlana tokana izay hany nosoritan'Andriamanitra, ary hany ananany. Ary handeha amin'izany ianareo, raha tsy izany dia tsy ho Any. Tsy izaho no mpitsaranareo, fa mitory ny Filazantsara aho. Izany marina tokoa ny Fahamarinana. Tao mihitsy ilay virijiny voatahy, nihetsika adaladala mihitsy tahaka ny nataon'ny sisa tamin'izy ireo, mamo mihitsy tahaka ny sisa tamin'izy ireo. Ireo lehilahy sy vehivavy ireo, ny tsirairay avy tamin'izy ireo, dia feno Divay vaovao. Raha hany nanova an'io fandaharana io Andriamanitra, dia apetraho eo amin'ilay Soratra ho ahy ny rantsan-tànanareo; tsy ao izany. Tsia, tompoko. Ilay izy hatrany amin'ny faran'ilay taona mihitsy, dia tahaka an'izany, hatrany amin'ny faran'ny Baiboly mihitsy, ary ho ilay zavatra iray ihany rehefa tonga Jesosy.

139 Jereo! Raha mbola mamon'io Divay vaovao io izy ireo, jereo, hitantsika fa raha nametraka eran'ny omera iray ho anareo rehetra Andriamanitra. Eny àry.

140 Nitsangana teo izy rehetra, ary mpitory teny antitra kely iray kanosa amin'ny anarana hoe Petera, ilay "vato kely," izay tena natahotra ny toerany hany ka nandà an'i Jesosy izy, ary nihazakazaka nivoaka sy nandeha nivavaka hatrany, ary tsy maintsy niangona niaraka tamin'izy ireo izy. Nitsangana teo ambonin'ny boatin-tsavony iray na zavatra iray, nanao hoe, "Nahoana, ianareo lehilahy avy any Jodia, sy ianareo izay monina eto Jerosalema!" Ireo dokotera izany, ireo D.D.'s. Oh, hoy izy, "Ianareo lehilahy izay . . . sy lehilahy avy ao Isiraely, ary mponina ao Jerosalema, sy ny sisa, aoka ho fantatrareo izao. Tsy mamo ireo, araka ny heverinareo, satria amin'ny ora fahatelon'ny andro izao. Fa izao ilay . . . "

141 Raha tsy ity no Itsy, dia te-hihazona an'ity aho mandra-pahatongan'Itsy. Zavatra anankiray izany.

142 Hoy izy hoe, "Izao ilay nampilazaina an'i Joela mpaminany hoe, 'Izao no hiseho amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, Izaho handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra; ny zanakalahinareo sy zanakavavinareo haminany; ary eo amin'ny Mpanompolahiko sy mpanompovaviko no Handatsahako Ny Fanahiko, ka haminany izy ireo; ary haneho famantarana eny amin'ny lanitra ambony Aho, ary eto an-tany; sy andry afo, sy setroka, ary entona; ary izao no hiseho, alohan'ny hihavian'ilay andro lehibe sady mahatahotra an'ny Tompo, na iza na iza no hiantso ny Anaran'ny Tompo dia hovonjena.'"

143 Io andiana mpilaza tena ho mpisorona, lava akanjo, mpihatsaravelatsihy io, dia nanao hoe, "Inona no azonay atao mba ho voavonjy?"

144 Hoy i Petera hoe, "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho an'ny famelàna ny fahotanareo, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina." Mandra-pahoviana izany? "Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an'ny zanakareo, ary ho an'ireo izay lavitra, arak'izay hantsoin'ny Tompo Andriamanintsika."

145 Noho izany, ny olona rehetra izay mibebaka ka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ka manome azy ny batisan'ny Fanahy Masina Andriamanitra, dia tsy mahazo zavatra iray mitovy amin'ilay mana voalohany, fa, tsy manana indraim-bava fotsiny ihany amin'ilay mana voalohany izy, fa manana eran'ny fo an'ilay Fanahy Masina iray ihany.

146 Mety hilaza ianareo hoe, "Ampidino kely ilay izy." Fantatro fa mafy kely aho eo amin'izany, saingy tsy misy azoko atao amin'izany mihitsy. Mariho, jereo. Tsy mivazavaza aminareo aho. Mety mampanako an'ilay izy aho. Fa, oh, raha nahatsapa tahaka ny tsapako ianareo, ianareo dia ho mafy, ihany koa.

147 Mariho, oh, eran'ny fo amin'ilay mana tany am-boalohany izay nilatsaka tany amin'ny voalohany; ilay Fanahy Masina iray ihany izay nilatsaka tamin'izany, no milatsaka ankehitriny. Ary handeha ho aiza Izany? "Hankany aminareo, hankany amin'ny zanakareo, ireo izay lavitra," Louisville, Kentucky, "ary arak'izay hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika, dia handray an'ilay zavatra iray ihany mihitsy izay azontsika eto."

148 Izany no Nolazainy. Nitahy an'izany Andriamanitra. Nitory an'izany Izy. Ny Fanahy Masina no nitondra an'Izany; manana Azy aho; milamina hatreo izany. Amena. Izany, ampy ahy tsara mihitsy izany. Noraisiko tamin'Ny Teniny Izy; Nataony izany. Raha mila an'Izany ianareo, ianareo dia afaka mahazo an'Izany, ihany koa. Marina izany.

149 Noho izany dia mivoaha avy ao amin'ilay—ilay toerana maty, ka mifohaza, ary mihetsiketseha ianareo tahaka an'izao dia mifohaza ianareo. Ary ny zavatra voalohany, mijery manodidina ianareo ka ho toy ny hafa ny zavatra rehetra aminareo. Io lehilahy izay tsy tianareo iresahana io, handeha hanatona azy haingana ianareo ka hiresaka aminy; eny, tompoko, tsy maintsy miresaka aminy, izay ihany. Oh, ireo zavatra rehetra ireo, avereno ireo fitaovana tranainy fanaovana kodiarana ireo, sy ireo rehetra . . . ireo zavatra izay nalainareo avy tao amin'ilay hotely tamin'io fotoana io. Io famaohana tranainy izay nandrakofanareo an'ilay volafotsy izay nalainareo avy teo amin'ny latabatra io; hiverina haingana ianareo, hamerina an'izany. Azo antoka fa hiverina ianareo. Eny, tompoko. Hanao

anareo ho olom-baovao iray ao amin'i Kristy Jesosy izany. Jereo i Maria ankehitriny. Oh, oadray!

Tsy maintsy mandeha haingana isika. Mandroso tsara isika.

150 Indro mandeha izy ireo, manerana ny an-efitra ankehitriny, taorian'ilay fivoriana amin'ny fanao fahiny. Eo amin'ny diany izy ireo ankehitriny. Tsy hafahafa ve fa notarihana avy hatrany nankao amin'ilay Efitr'i Sina izy ireo, nankao amin'ny an-efitra mihitsy, nankao amin'ilay—ilay loharanon'ny rano mangidy mihitsy? Azonareo eritreretina ve Andriamanitra mitondra ny Zanany, rehefa avy voavonjy mihitsy izy ireo ary feno ny Fanahy Masina, nankeo amin'ny loharanon'ny rano mangidy? Azo antoka. Tiany ny haneho ny Fitiavany tamin'izy ireo indray. Marina izany. Tonga teo izy ireo.

151 Fantatrareo, rehefa manana ny Fanahy Masina ianareo, dia manatrika sakana maro. "Maro ny fahorian'ny marina, fa Andriamanitra manafaka azy amin'ireo rehetra ireo." Mitondra anareo avy hatrany Andriamanitra, manatrika an'izany, mba Ahafahany maneho aminareo ny Heriny sy ny Fahatsarampanahiny.

152 Tahaka ny nandrenesako ny tantaran'ilay mpiandry ondry tany Jerosalema, izay nanapaka ny ranjon'ny ondriny. Hoy izy ireo hoe, "Nahoana, mpiandry ondry lozabe ianao. Nahoana no notapahanao ny ranjon'ilay ondry?"

153 Hoy izy, "Eny, tsy nihetsika toy ny hoe tia ahy izy. Noho izany dia noheveriko fa hanapaka ny ranjony fotsiny aho, mba tsy maintsy hanomezako azy fifantohana manokana iray, ary amin'izay fotoana izay dia ho tia ahy izy manomboka eo."

154 Matetika dia tsy maintsy mametraka anareo eo amin'ny lamosinareo Andriamanitra, miaraka amin'ny aretina iray, ka milaza ilay dokotera fa ho faty ianareo. Afaka hanome anareo fitondrana manokana kely iray Andriamanitra mba hitiavanareo Azy kely kokoa. Marina izany.

> Ny sasany tamin'ny alàlan'ny rano, ny sasany tamin'ny alàlan'ny safo-drano,
> Ny sasany tamin'ny alàlan'ny fizahan-toetra lalina, saingy ny rehetra tamin'ny alàlan'ny Rà;
> Jesosy no mitarika Ny Fiangonany.

155 Ankehitriny, rehefa teo izy ireo, ary nangidy ireo rano ka tsy afaka nisotro izy ireo, dia nanomana làlana iray Andriamanitra. Nisavilivily teo amin'ny morona ny hazo antitra kely iray, notapahan'i Mosesy fotsiny izany ka natsipiny tao anatin'ilay rano, dia nanova an'ilay zavatra manontolo; rano tsara, mamy.

156 Ankehitriny rehefa tonga miatrika ny iray amin'ireo rano mangidinareo ianareo, na zavatra iray hafa tahaka an'izany, dia misy hazo iray eo, izao hariva izao, fiteny ara-panahy, mihantona eo Golgota, na izao tontolo izao, izao hariva

izao, izay hanamamy ny rano mangidy rehetra izay mety nitarihana anareo. Marina izany. Ilay Kalvary no hanamamy ny fahatsapana rehetra. Matetika dia tafiditra ao anatin'ny toeran-tsarotra isika, ary manontany hoe nahoana. Noho izany dia manakimpy ny masoko aho indraindray, ka mieritreritra hoe, "Any Golgota any, izay nisy ny Mpanavotra ahy nivoadrà ary maty ho an'ny fiainako," amin'izay fotoana izay dia toa tena kely ny fizahan-toetrako. Manary eo amin'ny sisiny fotsiny aho ary manohy mandeha. Izany no manao azy ho mamy. Manamamy ny fahatsapana rehetra izay hany nananako izany. Manamamy an'izany isan'andro Izy, rehefa tonga eo amin'ny ranon'ny Marako aho.

157 Ankehitriny, saiky mahatratra azy ireo isika ankehitriny eto ao an-efitra, aorian'ireo famantarana sy fahagagaga lehibe rehetra ireo. Nangina ny fifohazana. Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, rehefa nangina ny fifohazana, nahoana, dia adinon'izy ireo ny mikasika an'ireo fahagagana rehetra.

158 Tsy tahaka an'izany mihitsy ve ny olona amin'izao andro izao? Adinon'izy ireo izay nataon'Andriamanitra tamin'ny taon-dasa. Izay nataon'Andriamanitra tao amin'ny fivoriana teto tao amin'ny sekoly ambony, adinonareo ny rehetra mikasika an'izany. Hitanareo? Izay nataon'Andriamanitra, dia adinontsika fotsiny izany.

159 Ankehitriny, mariho, ary satria nanomboka nifamaly izy ireo hoe, "Eny, izaho marina tokoa dia, na izany aza, Metodista iray aho. Ny fiangonanay no goavana indrindra." "Batista iray aho, ary hoteneniko aminareo izao ankehitriny izao, mino ny fiarovana Mandrakizay izahay, ary manana Azy izahay. Tsy manana an'ilay foto-pampianarana ianareo rehetra, na izany aza." Amin'izay fotoana izay no idiranareo ao anatin'ny olana, ka tapaka ny famatsian-dranonareo. Marina izany. Marina izany.

160 Amin'izay fotoana izay, ilay tany efitra, rehefa mipetraka any an-tany efitra izy, dia manomboka mimonomonona, mimonomonona ary mitaraina. "Eny, hoteneniko aminao. Hoteneniko aminao, rehefa teto io pasitera antitra io, io mpitory teny antitra izay nitory ny fivavahana tamin'ny andro fahiny tahaka an'izany io, izaho—tsy fantatro na marina ny azy na tsia. Hoteneniko aminao, izy—nanao ny reniko ho tena tezitra izy, indray hariva, dia lasa nody izy. Ary hoteneniko aminao, voakorontana izy, tahaka an'izany." Tokony ho efa izany izy. Marina izany. "Oh, tsy fantatro na te-hiaino betsaka mikasika an'Izany aho, na tsia." Ary amin'izay fotoana izay no tapaka ny famatsian-dranonareo. Marina izany. Amin'izay fotoana izay no miditra ao amin'ny tany efitra ianareo.

161 Nanomboka nimonomonona izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Ny—leo an'ity mofo maivana ity ny fanahinay." Rehefa avy

nandao an'ireo tongologasy sy tongolon'i Egypta izy ireo, ka nihinana sakafon'Anjely, dia mbola nitaraina ihany. Tsy tahaka an'izany ve ny fiangonana? Ankehitriny dia tonga eo amin'ireo olon'ny fahamasinana aho ankehitriny, ianareo rehetra; hia, ianareo rehetra. Nihinana sakafon'Anjely, nefa avy eo dia nanao hoe, "Maniry aho ny iverenantsika any Egypta, mba hahazo tongologasy betsaka kokoa."

162 "Ho any amin'ny trano fisotroan-toaka i Clayton McMichen sy ny Wildcats-ny izao hariva izao. Raha tsy nikambana tamin'io fiangonana tranainy io aho, dia afaka nandeha tany." Afaka mandeha koa ianareo. Izay misy ny harenanareo, dia any koa no misy ny fonareo. Tsy nahazo na inona na inona mihitsy ianareo rehefa nanomboka. Marina izany. Marina izany. "Oh, tiako ny hanao an'*ity*, na hanao an'*itsy*." Eo ianareo izao, fitarainana isan'andro.

163 Ary nilaozan'izy ireo ireo ranom-potak'i Egypta, mba hisotro rano madio avy tamin'ilay Vatolampin'ireo Taona, nefa nitaraina mikasika an'Izany. Nilaozan'izy ireo ilay toerana nisy an'ireo mpitsabo malaza, mirehareha an'i Egypta, mpihambohambo malaza sy ny rehetra, mba hiaraka amin'ilay Mpitsabo Lehibe. Nilaozan'izy ireo ilay toerana izay nilazan'izy ireo, hoe, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana," mba hiaraka amin'ny vahoaka izay nanana famantarana sy fahagagana nanaraka azy ireo, nefa mbola nitaraina foana. Oh, oadray! Eny, tompoko. Tany, mazava ho azy, ireo Egyptiana, Jentilisa mangatsiaka izy ireo, tsy miraika. Tsy nino an'izany karazana fahagagana izany izy ireo.

164 Avy eo, teo amin'izay nananan'izy ireo Andry Afo iray nanodidina azy ireo izy ireo. Manana an'Izany isika izao hariva izao. Tany amin'izay nananan'izy ireo fifaliana tao amin'ny toby izy ireo, nihiakiaka, natao ireo fahagagana, sy ny zavatra rehetra, nefa avy eo dia nitaraina mikasika an'izany. Izao no antony naha-ritra an'ilay rano, izany no antony tsy nananan'izy ireo na inona na inona ho hanina na sotroina, satria nimonomonona izy ireo.

165 Ary izany ilay olana amin'ireo fiangonana manodidina an'i Louisville, izao hariva izao; mimonomonona, mitaraina. Mamindrà fo! Miverena ao amin'ilay lamboridy. Izay ilay izy.

166 "Iza moa io zalahy io, Mosesy? Nahoana isika no mihaino azy, mihaino an'io mpitory teny holy-roller io, na ahoana na ahoana? Inona no ataontsika eto?" Dia ritra ny famatsiandranon'izy ireo.

167 Mieritreritra an'i Mosesy aho, ilay lehilahy malaza. Izy dia nampianarina tao amin'ny rehetra—ny fahendren'ireo Egyptiana. Ndao isika hijery azy mandritry ny minitra vitsy fotsiny. Ndao alaintsika i Mosesy, mandritry ny iray minitra fotsiny. Jereo io lehilahy io. Izy dia . . .

168 Ireo Egyptiana, lasa lavitra any ankoatra antsika izy ireo amin'izao andro izao, rehefa tonga eo amin'ny siansa arapitsaboantsika ilay izy. Lavitra any ankoatra antsika izy ireo. Maro ireo zavatra azon'izy ireo natao izay tsy vitantsika.

169 Ary nanana ny fanafody rehetra i Mosesy. Ary rehefa tany izy, eritrereto, nanana olona teo amin'ny roa tapitrisa teo i Mosesy niaraka taminy. Nanana an'ireo ankizy kely izy. Nanana an'ireo lehilahy antitra izy, vehivavy antitra. Nanana an'ireo nandringa izy, sy jamba. Teraka ireo zazakely, an'arivony tamin'izy ireny, isan-kerinandro. Ary i Mosesy, Dr. Mosesy, dia tany an-efitra niaraka tamin'ireo olona rehetra ireo. Tiako ny hijery ny ao anatin'ny tranom-panafodiny, ary ianareo? Tiako ny hahita an'izay nananan'i Dr. Mosesy tao anatin'ilay tranom-panafody. Ndao isika hanopy maso kely ao amin'ilay tranom-panafody ka hahita an'izay nananany.

170 "Mosesy, nahoana, inona no anananao ao anatiny ao, ry Mosesy?" Nahoana, hitantsika fa nandritra an'io dia efapolo taona io, dia zazakely mihoatra ny roa tapitrisa no teraka. Marina izany. "Inona no nampiasainao, ry Mosesy? Inona no nampiasainao ho an'ireo ratra rehetra sy fanaintainana sy homamiadana, sy fahajambana, sy marenina, ary moana ireo? Nahoana, miteny amiko izy ireo, fa rehefa nivoaka an'ilay an-efitra ianareo, dia tsy nisy anankiray nalemy teo anivon'izy ireo." Hono ho'aho, tsy te-hijery ao anatin'io ve ny sasany amin'ireto dokotera ireto, io toeram-pitsaboana io?

171 "Ary zavatra iray hafa, ry Mosesy, inona no nafafinao teo amin'ireo olona ireo, hany ka tsy simba akory aza ny akanjon'izy ireo? Tsy simba mihitsy ny kiraron'izy ireo, nandeha teo ambonin'ireo vato ireo." Raha efa mba tany ianareo, dia fantatrareo hoe toy ny inona ny tany efitra, manimba kiraro ao anatin'ny telo andro izy ireo. Fa tsy nanimba ampahana hoditra kely tamin'izy ireo mihitsy akory aza izy ireo, tao anatin'ny efapolo taona. "Mosesy, inona no tao amin'ny tranom-panafodinao?"

172 Ndao jerentsika ny ao anatiny. Hitako izy hoe, "Manana taratasim-panafody iray aho hoe, 'Izaho no Tompo izay manasitrana anao.'" Milamina hatreo izany. Amena.

173 Hoy izy, "Oh, ry Mosesy, nandeha teto ny raiko, nianjera fotsiny izy ka nanapaka ny ranjony. Inona no anananao ho azy?"

174 "Avelao aho hijery ka hahita. 'Raha hankatò ny Feoko ianao, hanao an'izay rehetra Andidiako, dia tsy hametraka ny iray amin'ireo aretina ireo eo aminao Aho, tahaka an'ireo Egyptiana, satria Izaho no Tompo izay manasitrana anao.' Teneno aminy izany." Salama izy. Amena. Marina izany.

"Oh, marary mafy izy! Tratry ny fivalanana ny zazakeliko, na aretin'avokavoka, tena ratsy! Dr. Mosesy, inona no azoko atao?"

175 "Avelao aho hijery an'izay ananako. 'Izaho no Tompo izay manasitrana anao.'" Milamina hatreo izany. Amena. Dia lasa izy ireo. Marina izany. Manohy mandeha, mifaly. Izay ihany no nilainy, "Izaho no Tompo izay manasitrana anao."

176 Amin'ireo teny fikasana mazava eninjato mihoatra, an'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, ao amin'ny Testamenta Vaovao fotsiny, kanefa dia misalasala amin'Andriamanitra isika, izao hariva izao. Ho inona no dikan'ny Fitsarana amintsika? Marina.

177 "Izaho no Tompo izay manasitrana anao." Eny, tompoko. Izany no nananan'i Mosesy, Dr. Mosesy dia nanana tao amin'ny sehatrany, tao amin'ny . . . tao amin'ny tranom-panafodiny, izany dia ity, "Izaho no Tompo izay manasitrana anao." Noho izany dia Izy no nanasitrana an'ireo aretina rehetra, ka nitahiry azy ireo tanteraka mihitsy, ary nitondra azy ireo avy hatrany nitety ny an-efitra, nankao amin'ilay tany nampanantenaina. Oh, oadray!

178 Nilaozan'izy ireo ireo mpitsabo goavana rehetra, nirehareha, mba hiaraka amin'io Mpitsabo Lehibe io. Nilaozan'izy ireo io andian'olona izay mangatsiaka, ara-pomba, ary tsy miraika io, nanao hoe, "Tsy misy izany karazana fahagagana izany." Ary teo mihitsy, nihantona teo ambonin'izy ireo ny Andry Afo iray. Sitrana ny olona. Ny zavatra rehetra, ary na inona na inona nilain'izy ireo, dia natolotra azy ireo avy hatrany mihitsy izany, kanefa dia nitaraina izy ireo rehefa tsy nanana rano. Fa amin'izay fotoana izay, ao amin'ny fahasoavan'Andriamanitra masi-mandidy, ao amin'izany rehetra izany . . .

179 Tahaka anareo eto Louisville izao hariva izao, ao afovoan'io antsoantso rehetra io hoe, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Miezaka mampijanona ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ny Fikambanan'ny Mpitsabo, manerana ny firenena." Tsy hampijanona an'izany mihitsy ianareo. Tsara aminareo ny mijanona ankehitriny. Tsy afaka hanajanona an'izany tahaka ny tsy ahafahanareo manajanona ny masoandro ianareo. Marina izany.

180 Teto taona vitsy lasa izay, rehefa nanomboka voalohany aho tany Jeffersonville, nitory ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Tsy mbola fantatra izany, saiky, nandritry ny taona maro. Zavatra sarotra iray izany. Fa, rahalahy, izao hariva izao dia misy an-tapitrisany amin'izy ireo, hatraiza hatraiza, no miantsoantso. Hanandrana hampijanona an'izany ve? Tsy afaka ianareo. "Izaho no Tompo izay namboly azy; Izaho no hanondraka azy, andro aman'alina, fandrao hisy handrombaka azy amin'ny Tànako."

181 Teto vao tsy ela akory izay, nijery tsintsina kely vitsivitsy aho teo amin'ny Statue of Liberty. Nandry teo fotsiny izy ireo. Nandry nanodidina teo ireo vorona kely, teo ambanin'ny jiro. Dia hoy aho hoe, "Inona no nanao an'io?" tamin'ilay mpitari-dàlana.

182 Hoy izy hoe, “Manakapoka ny ati-dohany izy ireo, omaly hariva, tao anatin’io tafio-drivotra io. Tonga tao amin’ny jiro izy ireo, ary ilay jiro no ho nitondra azy ireo ho voaaro, saingy niezaka namono an’ilay jiro izy ireo. Ary nanakapoka ny ati-dohany izy ireo, niezaka namono an’ilay jiro.”

183 Hoy aho hoe, “Voninahitra ho an’Andriamanitra!” Ataoko fa nihevitra izy fa adala aho. Hoy aho hoe, “Mametraka ao an-tsaiko ny sasany amin’ireo olona ireo izany izay miezaka mamono ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra ary ny Herin’ny fitsanganan’i Jesosy Kristy.” Hanakapoka ny ati-dohanareo ianareo; tsy hahavita mihitsy ianareo. Ekeo fotsiny ilay izy, ary manidìna mankany amin’ny fiarovana, ao anatin’izany. Marina izany. Amena.

184 “Mitenena amin’ny vatolampy, ry Mosesy,” hoy Andriamanitra niteny tamin’i Mosesy, “dia hamoaka ny ranony izy, hamoaka ny Ranony.”

185 Teto vao tsy ela akory izay, nijery sary iray tao amin’ny tranom-bakoka iray aho, an’io vatolampy nokapohina io. Ary ilay izy dia mitovy amin’ny ony kely bitika no mivoaka, saiky toy ny fanjaitra fanjairana iray ny habeny. Nieritreritra aho hoe, “Mety ho mahatsikaiky toy ny ahoana ireto mpanakanto ireto!” Nahoana, rahalahy, afaka misotro mandra-pahamainan’io zavatra io aho raha mangetaheta marina. Eny, tompoko.

186 Fantatrareo ve hoe inona no tsy maintsy nampisotroin’i Mosesy tamin’io Vatolampy io? Nanana olona mihoatra ny roa tapitrisa izy, ankoatran’ireo biby rehetra. Nila teo amin’ny famarana efatra alina isa-minitra teo izany, ho—ho sotroina, ho azy ireo. Haleloia!

187 Mametraka ao an-tsaiko ny amin’ny olona iray ao amin’ny fivavahany izany. Manana fivavahana ampy handehanana any amin’ny sekoly Alahady fotsiny ianareo ny Alahady maraina, rora kely fotsiny ary manamando kely anareo.

188 Tiako ny mipetraka eo amin’ny Loharano izay misy rano miboiboika, haleloia, ampy hitondra ahy manerana ny Mandrakizay. Haleloia! Faly aho fa nivoaka avy tao amin’io toerana mando io; nankao amin’izay irarahany isan’andro mihitsy. Eny, tompoko.

189 Ny olona dia manana fivavahana ampy hampahory azy ireo fotsiny. “Eny, tsy afaka mipetraka mihoatra ny eo amin’ny folo minitra eo aho. Oadray, mamindrà fo, ela be toy ny ahoana io mpitory teny io?” Lalina toy ny ahoana ny famonjenareo? Marina izany.

190 Mandeha ny Alahady maraina, ka manao hoe, “Eny, handeha aho ka hihaino an’izay holazain’izy ireo.” Ary mahazo rora kely iray dia miverina, ary saiky izay ihany no azonareo.

191 Rahalahy, hoteneniko aminareo, rehefa nikapoka an'io Vatolampy io i Mosesy, dia nanondraka an'ilay an-efitra manontolo izany. Amena. Eny, tompoko. Ny zavatra tokana, ny zavatra rehetra nilain'izy ireo, dia niondrika fotsiny izy ireo ary nisotro, nisotro, nisotro mandra-pahafenon'izy ireo fotsiny. Mbola, nisy rano tonga foana, teo amin'ny famarana efatra alina isa-minitra. Kajio izany, olona firy, olona iray tapitrisa, olona roa tapitrisa no afaka nisotro, tao anatin'ny iray minitra; olona nangetaheta, ankoatr'ireo rameva, sy ireo biby, ary ireo zavatra izay nananan'izy ireo. Ary hoy ny Baiboly hoe, "Nivoaka betsaka izany." Nierona fotsiny izany, nanerana ny an-efitra.

Tahaka an'izany no anomezan'i Jesosy Kristy ny Fanahy Masina.

192 Tsy kely bitika fotsiny, mba hilaza hoe, "Eny, mino aho fa handeha ka hikambana amin'ny fiangonana." Oh, oadray! "Oh, tsy afaka hahatanty an'io tabataba io aho. Mamparikoditra ahy izany." Raha hany maty ianareo, dia ho fatin'ny hatsiaka ianareo raha tonga any An-danitra, satria, rahalahy, handre tabataba iray ianareo rehefa tonga Any. Ny Baiboly no nilaza fa izy ireo mihiakiaka "haleloia," andro aman'alina; ny tontolo andro, satria tsy misy alina any. Marina izany. Ho faty tokoa ianareo rehefa tonga any An-danitra, manomboka amin'ny andro faharoa Any. Eny, tompoko. Eny, ianareo fotsiny . . . inona no nataonareo, nandeha fotsiny ianareo ary nahazo hamandoana, kely iray.

193 Tsy hipetraka eo akaikin'ilay miboiboika ve ianareo, ka hamela azy miraraka mandra-panasany anareo mankao amin'ilay . . . haleloia, ao amin'ilay afovoany, ary mandra-pahaverinareo ny tenanareo ka tsy fantatrareo izay misy anareo. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Tahaka an'izany no tianareo hahatongavana.

194 Niteny tamin'ny dadatoako aho taloha, ny dadako hoe, "Ry tovolahy, mahay milomano aho," tao amin'io kamory kely eto Utika Pike io.

195 Indray andro, dia niverina i dada ka nipetraka teo ambonin'ny fantsona iray, nanao hoe, "Te-hahita anao milomano aho." Ilay kamory kely dia saiky *izao* ny halaliny. Nitsangana teo ambonin'ny boatin-tsavony iray aho. Nesoriko ny akanjoko, ary notazoniko ny oroko tahaka an'*izao,* ary nitsambikimbikina ambony-sy-ambany teo ambonin'ilay boatin-tsavony. Nitsoraka aho, nanidina tamin'ny lafiny rehetra ny fotaka, ary nanomboka nanipy fotaka aho.

Hoy aho hoe, "Toy ny ahoana no ataoko, ry Dada?"

196 Hoy izy hoe, "Mivoaha avy ao." Milomano? Mandady ao amin'ny fotaka, isan'andro.

197 Isika dia manana mambram-piangonana betsaka mandady ao amin'ny fotaka, ihany koa. Marina izany. Marina izany, mpandady ao amin'ny fotaka. Eny, tompoko.

198 Indray andro, nitondra ahy tao anatin'ny sambo iray ny dadatoako ary nihambo mikasika ny filomanosana aho; teto tao amin'ny Renirano Ohio, teo amin'ny rano roapolo dian-tongotra teo. Nalainy fotsiny ilay fivoy ka nodominy nankao anaty rano aho, nanao hoe, "Ahoana ny amin'ilay izy ankehitriny?" Amena. Haleloia! Tsy maintsy nilomano aho fa raha tsy izany dia nilentika, tamin'izany. Oh, oadray!

199 Tsara ny mizatra an'Izany ankehitriny. Midìra ianareo ao amin'ilay miboiboika, izay anokafan'Andriamanitra an'ilay vatolampy any an-efitra any ka mandraraka an'izany fotsiny. "Mitenena amin'ilay Vatolampy," hoy Izy, "dia hamoaka ny Ranony izy."

200 Angamba, ry sakaizako, izao hariva izao, eo am-pahalevonana angamba ianareo. Tokony hiteny amin'ilay Vatolampy ianareo. Marina izany.

201 Efa nandeha hatraiza hatraiza angamba ianareo. Efa nandeha tany am-piangonana angamba ianareo, ary nikambana tamin'ny Metodista, sy nikambana tamin'ny Batista; ary tezitra taminareo izy ireo, ka nandeha nankany amin'ny Presbyterana ianareo; ary niverina nankany amin'ny Pentekotista, nankany amin'ny Nazareana, tao amin'ny Mpivahinin'ny Fahamasinana. Nefa mbola tsy nahazo foana ianareo.

202 Mitenena fotsiny amin'ilay Vatolampy, izao hariva izao. Izao fotsiny . . . Mifanaraka tsara Aminy ve ianareo? Hia. Hoy Izy hoe, "Mitenena amin'ilay Vatolampy, dia hamoaka ny Ranony Izy." Hamoaka ny Ranony Izy, raha ianareo fotsiny . . . Tsy mila mikapoka Azy, intsony. Miteny Aminy fotsiny. Amin'ny fomba fisakaizana fotsiny, mitenena Aminy.

203 Angamba efa tany amin'ny dokotera ianareo. Angamba efa nanao ny zavatra rehetra izay fantatrareo hoe ahoana no hanaovana azy ianareo, mba hiezaka ny ho salama. Angamba efa nanao fotsiny ny zavatra rehetra izay tao amin'ny herinareo ianareo, saiky, nefa tsy mety salama. Ny dokotera tsirairay, efa nandeha nitety ny birao rehetra izay fantatrareo ianareo, ka hoy ilay dokotera hoe, "Ianao fotsiny . . . Tsy misy na inona na inona azo atao ho anao." Nahoana ianareo no tsy miteny amin'ilay Vatolampy, izao hariva izao? Izy dia . . . Manana ranon'Aina ho anareo Izy, manome anareo Fiainana betsaka kokoa.

204 Indray mandeha dia nisy vehivavy iray, ao amin'ny Baiboly, tamin'ny anarana hoe Hagara. Mieritreritra azy aho. Ary vonona ny hamarana aho; ny fotoana. Nisy vehivavy iray amin'ny anarana hoe Hagara, ary nanana zaza kely iray izy. Nalefa tany an-efitra izy, niaraka tamin'ny sinin-drano kely anankiray. Namahana an'ilay zavatra kely izy, nandritry ny

andro manontolo. Fa lany ilay rano, saiky teo afovoan'ny andro, ary niantsoantso sy nitomany ilay zaza kely. Maina ireo molony kely ary nivonto ny lelany. Reny mahantra, malala iray, inona no azony natao? Nisava ny toerana kely tsirairay izay vitany izy, mba hahita rano, saingy tsy nisy rano nety hita. Tsy afaka nahatanty ny hahita an'ilay zazakely ho faty izy; noho izany dia napetrany teo ambanin'ny kirihitra iray izy, ary niala tokony ho tra-tsipìka.

205 Dia nandohalika izy ary niteny tamin'ilay Vatolampy. Rehefa niteny tamin'ilay Vatolampy izy, dia namaly ny Anjely iray ka nanao hoe, "Hagara, inona io miboiboika ery io?"

206 Nisy dobo iray manontolo teo, feno rano, izay mbola mandeha foana androany. Taorian'ny saiky efatra arivo taona, dia mbola mandeha foana izany androany. Ilay loharano izay i Hagara . . . tany, izany, mbola mandeha foana izany androany. Niteny tamin'ilay Vatolampy izy, ary namoaka rano ilay Vatolampy.

207 Nisy zanaka Hebreo vitsivitsy nandeha tao anaty lafaoro afo, indray andro, ka niteny tamin'ilay Vatolampy izy ireo. Ary niaraka tamin'izy ireo ilay Vatolampy.

208 Nisy vehivavy iray avy any Samaria, indray mandeha. Kivy izy. Mpanota izy, ary nanana zavatra betsaka nihantona teo amin'ny fiainany, angamba. Ary kivy izy. Nandeha nankeo amin'ny fantsakan'i Jakoba izy ho an'ny fanampiana, dia niverina. Nandeha nankeo amin'ny fantsakan'i Jakoba izy, dia niverina. Ary indray andro dia nametraka ny sinin-dranony izy, ka nitsangana teo, kivy. Ary nitsangana teo ilay Vatolampy, nitsangana teo akaikiny. Niteny tamin'ilay Vatolampy izy. Nanome azy fiboiboika lehibe iray tao amin'ny fanahiny Izy. Nihazakazaka nankany an-tanàna izy. Tsy tonga nantsaka mihitsy izy, intsony. Nanana Fiainana izy. Hoy izy hoe, "Avia, hijery Lehilahy iray izay niteny tamiko ny zavatra rehetra hany nataoko. Tsy izao ve no Kristy?" Niteny tamin'ilay Vatolampy izy, ka namoaka ny Ranony ilay Vatolampy.

209 Nisy vehivavy kely iray izay nandany ny volany rehetra tamin'ireo dokotera, sandoka, izay naka ny volany rehetra. Tsy afaka nampijanona an'ilay fitsiha-drà. Nataony antoka angamba ny toeram-piompiny, ary nivarotra an'izany angamba. Ary nipetraka izy, nanjaitra akanjo bà indray andro, ary nandre Zavatra izay tonga teny amin'ny làlana izy. Niteny tamin'ilay Vatolampy izy. Nitodika ilay Vatolampy ka nanao hoe, "Iza no nikasika Ahy?" Nifarana ilay izy rehefa niteny tamin'ilay Vatolampy izy. Nomeny azy ny fiboiboikam-Piainana iray, izay nampijanona an'ilay fitsiha-drà. Nijanona ilay izy, haingana mihitsy.

210 Nisy mpangataka antitra jamba iray nitsangana teo akaikin'ny rindrina, indray andro, nangovitra tamin'ny

hatsiaka. Lasa ny zavatra rehetra. Ary teo izy, ary ory, ka nandalo ny olona. Nandre Zavatra iray tonga izy; hoy izy, “Inona izany?” Ary niteny tamin’ilay Vatolampy izy.

211 Na dia, ireo mambram-piangonany, nanodidina azy, aza dia nanandrana hampijanona azy, nanao hoe, “Tsy misy ilàna an’izany. Tsy afaka mahazo an’izany ianao. Mijanòna lavitra. Hazòny ny fahanginanao.”

212 Fa niantsoantso mafy kokoa izy hoe, “Ianao ry zanak’i Davida, mamindrà fo amiko! Mamindrà fo amiko!” Dia niteny tamin’ilay Vatolampy izy, ka nanome azy fiboiboika iray ilay Vatolampy, ary lasa nisokatra ireo masony.

213 Io Vatolampy iray ihany izay tany an-efitra io no eto androany. Manao ny olona hifaly Izany.

214 Indray andro, nitsangana i Jerosalema rehetra mba hahita mpanasitrana iray avy amin’Andriamanitra, holy-roller iray, niditra tao an-tanàna; niaraka tamin’ny olona vitsy nitsangana teo, niantsoantso tamin’ny tampon’ny feon’izy ireo hoe, “Hosana! Hosana, ho an’Ilay avy amin’ny Anaran’ny Tompo!”

215 Teo ireo mihambo ho mambram-piangonana nanao an’ireo akanjo lavany, niaraka tamin’ny D.D-ny taoriany; nanao hoe, “Avelao izy ireo hihazona ny filaminany. Oadray, mampangorintsina ny lamosiko izy ireo, sy ny sisa. Asaivo mihazona ny filaminany izy ireo.”

216 Hoy Izy hoe, “Raha mihazona ny filaminany izy ireo, dia ireo vatolampy no hiantsoantso avy hatrany.” Nahoana izany? Ilay tena Valotampy izay niendaka avy tamin’ny tendrombohitra mihitsy, tsy tamin’ny tànana, no tonga, nikodiadia nankao Jerosalema. Nisotro avy tamin’Izany ireo vatolampy kely. “Mitenena amin’ilay vatolampy, dia hamoaka ny Ranony Izy.”

217 Raha mila famonjena ianareo, izao hariva izao, dia mitenena amin’ilay Vatolampy. Hamoaka ny Ranony Izy. Raha mpiverin-dàlana iray ianareo, izao hariva izao; mitenena amin’ilay Vatolampy, hamoaka ny Ranony Izy. Raha eto ianareo, izao hariva izao, ka tsy manana an’i Kristy; efa nandramanareo ny fiangonana rehetra izay misy, ao amin’ny tanàna, mba hahita famonjena; mitenena amin’ilay Vatolampy, hamoaka ny Ranony Izy. Mino an’izany ve ianareo? Raha mpiverin-dàlana iray ianareo, lasa nanalavitra an’Andriamanitra, ka mihevitra ianareo fa tsy misy anjara iray ho anareo; mitenena fotsiny amin’ilay Vatolampy, dia hamoaka ny Ranony Izy.

218 Mino an’izany ve ianareo, amin’ny fonareo rehetra? Mino ve ianareo fa hanaiky an’izany Andriamanitra? Amin’ny fonareo rehetra ve, no inoanareo an’izany? Haleloia! Eto Izy izao hariva izao.

219 Raha marary ianareo, ka nanandrana ny zavatra rehetra teto amin’izao tontolo izao. Nanandrana ny hiditra tao amin’ny

laharam-bavaka ianareo, nefa tsy afaka miditra ao amin'ny laharam-bavaka. Nanana karatra fangataham-bavaka ianareo, ka nolavina. Nandeha nankao amin'ny fivoriana anankiray ianareo; nandeha nankao amin'ny fivoriana iray hafa ianareo. Efa nosoran'ilay pasitera ianareo. Efa nandalo tao amin'io laharam-bavaka io ianareo. Efa tany an-kafa hatraiza hatraiza ianareo, nefa tsy mety sitrana.

220 Nahoana no tsy miteny amin'ilay Vatolampy ianareo ankehitriny? Hamoaka ny Ranony Izy. Marina izany. Nahoana ianareo no tsy manandrana Azy indray mandeha? Mifanaraha tsara Aminy, izao ankehitriny izao, raha mbola ato amin'ny tranobe Izy. Eto mihitsy Ny Fanatrehany ankehitriny mba hanasitrana ny tsirairay avy aminareo. Mino an'izany aho. Fantatro izany, amin'ny foko rehetra. Mino aho. Ary misy zavatra sasany izay tena tsy fantatro, saingy misy zavatra sasany izay tena fantatro. Ary fantatro fa Jesosy Kristy, ny Zanak'ilay Andriamanitra velona, dia eto mihitsy.

221 Na dia miezaka hanao antso iray eny amin'ny alitara aza aho izao ankehitriny izao, ao am-poko, dia miparitaka manerana ny tranobe manontolo ireo fahitana izao—izao ankehitriny izao. Oh, marina izany. Eto mihitsy ireo herin'Andriamanitra. Marina izany. Nahita Azy mifindra eto aho. Manomboka mitondra ahy avy eo amin'ny toerana iray mankany amin'ny iray hafa izany, izao ankehitriny izao; satria misy olona marary eto, ary ny vavakareo no manao an'izany; mba hanamarina ny Tenin'Andriamanitra, milaza fa eto mihitsy Izy mba hitenenana, izao hariva izao, ilay Vatolampy iray ihany izay nitsangana ka nahafantatra ny eritreritr'izy ireo. Nahita hoe taiza ilay vehivavy, izay nanana fitsiha-drà, sy ny sisa. Eto Izy ankehitriny. Raha hiteny Aminy ianareo, dia hamoaka ny Ranony Izy. Mino an'izany amin'ny fonareo rehetra ve ianareo?

222 Inona no heverinao, ramatoa? Miaraka amin'ny . . . Eo afovoany mihitsy. Ankehitriny, tsy manana karatra fangataham-bavaka ianao, sa tsy izany? Ilay ramatoa miaraka amin'ny zavatra fotsy manodidina ny tendany, mipetraka eo mihitsy. Tratry ny diabeta ianao, sa tsy izany? Tsy manana karatra fangataham-bavaka ianao, sa tsy izany? Tsy mila karatra fangataham-bavaka mihitsy ianao. Mino an'izany ve ianao? Mihevitra ve ianao fa afaka miteny amin'ilay Vatolampy ianao? Te-hiteny Aminy ve ianao, ho an'ireo diabetanao, izao ankehitriny izao? Mitsangàna arak'izany. Marina ve izany? Manaova fotsiny hoe, "Manaiky an'i Jesosy Kristy ho mpanasitrana ahy aho ankehitriny," dia hitondra anao hody Andriamanitra ka hanao anao ho salama. Mitenena amin'ilay Vatolampy. Andriamanitra hitahy anao. Eny àry. Mandehana, ary aoka ho salama.

223 Inona no heverinao mikasika an'izany, mipetraka eo akaikiny, ramatoa? Tratry ny varisin'ny làlan-drà eo amin'ny

ranjonao ianao, sa tsy izany? Marina izany. Mitsangàna. Tsy vadinao ve io mipetraka eo akaikinao eo io? Marina ve izany? Ianao dia tratry ny diabeta, ihany koa, sa tsy izany? Marina ve izany? Apetraho eo amin'ny vadinao ny tànanao. Eny àry. Samy avy any Illinois ianareo. Tsy marina ve izany? Ankehitriny dia miverena mankany Illinois ianareo, miteny amin'ilay Vatolampy, dia hiala aminareo izany ary tsy hiverina intsony indray. Haleloia!

224 Zavatra anankiray no fantatro, hoe eto ilay Vatolampy, ilay Vatolampin'ireo Taona izay nokapohina tany an-efitra. Marina izany.

225 Inona no heverinao mikasika an'izany, ramatoa kely miaraka amin'ireo voninkazo eo amin'ny satrokao? Mipetraka eo miaraka amin'ny aretin-kozatra, miezaka ny handresy an'izany. Ianao izay nitodika ka nijery tany amin'ny ilany hafa, mino amin'ny fonao rehetra ve ianao fa hanasitrana anao Andriamanitra? Mitsangàna arak'izany, ka atontòny ambony-sy-ambany ny tongotrao, ary manaova hoe, "Lasa ilay aretin-kozatra," dia ho tanteraka izany. Mitenena amin'ilay Vatolampy, dia Izy no hamoaka . . .?. . .

226 Teneniko aminareo, Jesosy Kristy ilay tsy miova, omaly, anio, ary mandrakizay. Eto Izy mba haneho ny zavatra rehetra izay . . .

227 Inona no heverinao mikasika an'izany, ramatoa izay mipetraka eo, nanao hoe, "deraina ny Tompo," miaraka amin'io aretim-behivavy io, manao palitao kely, miloko maitso, mipetraka eo? Mino ve ianao fa nanasitrana anao Andriamanitra arak'izany? Mitsangàna, iray minitra fotsiny; mipetraka eo mihitsy. Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Tratry ny aretim-behivavy ianao. Fivontosana misy nana iray izany. Manana fantsona iray ianao, karazana tatatra iray avy amin'izany. Tsy marina ve izany? Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao. Inona no manao ahy milaza an'izany? Izany ilay Vatolampy miteny aminao. Valio Izy, dia ho salama ianao. Haleloia!

228 Oh, toy ny ahoana no Itiavany hitondra an'ireo Fanehoany ny Heriny! Ary mahita an'ilay Anjelin'Andriamanitra aho, ilay tena Andry Afo iray ihany mihitsy izay nanaraka an'ireo zanaka tany an-efitra, mihetsika manerana an'ity tranobe ity ankehitriny.

229 Miezaka mitady vehivavy iray aho. Mivavaka izy. Aiza no misy azy? Indro Izy mitsangana. Eny, vehivavy kely iray mitsangana etsy mihitsy izany, ilay faharoa izay mipetraka. Tsia, izy . . .Mikasika lehilahy iray ilay izy, mitsangana. Vady mamolava iray no ivavahanao. Tsy marina ve izany, ramatoa? Raha izany no izy, dia mitsangàna eo mihitsy. Tsy manana vady iray mamolava izay nivavahanao ve ianao? Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao. Mitenena amin'ilay Vatolampy, dia Andriamanitra no hanala azy amin'ny—amin'ilay zavatra.

230 Hanao ny zavatra rehetra Andriamanitra ato, raha hanao an'izany fotsiny ianareo. Mino an'izany ve ianareo? Mifanaraka tsara Aminy ve ianareo? Raha mifanaraka ianareo, dia mitsangàna izao ankehitriny izao ka mitenena amin'ilay Vatolampy, ary ilay Vatolampy, no hamoaka ny Ranony. Hitsangana ve ianareo?

231 Iza no mila Azy ho an'ny famonjena? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Mila Azy ho tonga ato am-poko aho." Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, sy ianao, sy ianao, ary ianao. Oh, oadray! Eny, tompoko.

232 Niala taminao io homamiadana eo io, ry rahalahiko. Lasa ilay izy. Afaka mandeha mody ianao ka ho salama ankehitriny. Haleloia! Marina izany.

233 Izay rehetra te-ho sitrana, atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Tompo, miteny Aminao aho. Miteny Aminao aho." Marina izany.

234 Indro lasa izy. Ramose, niala taminao teo ny aretin'oronao. Afaka ianao. Mandehana mody; amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, sitrana ianao.

235 Ny olona rehetra ato, izay te-hahita Azy ankehitriny, atsangano ny tànanareo ka manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo, nohon'ny fanasitranana ahy. Miteny Aminao aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mba Hanasitrananao ahy."

236 O Andriamanitra, an'ny famindrampo, alefaso ny Herinao izao hariva izao, miaraka amin'ny hosotry ny Fanahy Masina, raha mbola ato amin'ity tranobe ity Izy ankehitriny, mba hanenika an'ity mpanatrika ity. Ary enga anie hanao ny fahagagana tsirairay ny Fanahy Masina. Enga anie tsy hisy marary iray na olona mandringa iray tavela ato amin'ity tranobe ity izao hariva izao. Enga anie Ianao hanasitrana ny tsirairay avy, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

Ny Fanavotana Amin'Ny
Fahafenoana, Amin'Ny fifaliana MAG54-0330
(Redemption In Completeness, In Joy)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Talata hariva, 30 Martsa, 1954, tao amin'ny Church Of The Open Door ao Louisville, Kentucky, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2022 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org